COVER NY TENY

NATAON'I JESOSY AVY ANY NAZARETA

PAGE 3

NY TENY NATAON'I

JESOSY AVY ANY NAZARETA

Nadikan'i Robert Lee Cantelon

THE NEW HAVEN PRESS

iii

PAGE 4

NY TENIN' I JESOSY
Nadikan'i Robert Lee Cantelon

IMPRIMATUR, NIHIL OBSTAT
L.DZ. 1.909.92

ISBN 0 – 9626942-1- 5
Copyright c 1991, 1995
Nataon'i Robert Lee Cantelon

Raha te-hanoratra hianao dia alefaso any amin'ny :
THE WORDS
P.O.Box 5550
Washington, DC 20016

PAGE 5

FIZAHAN- TAKELAKA

Fizarana voalohany

FA ATAONAREO HO IZA MOA AHO ?

Ny Olana amin’ny Fivavahana
Ilay Fahazavana Izay Nanazava Izao Tontolo Izao
Ny Fanambarana
Ny Teny Velona
Ny Ray
Ny Mpiandry Tsara
Sakafo ho an’ny Fanahy

Fizarana faharoa

NY FANJAKANA VAOVAO

Ny Fanjakan’ny Lanitra
Ny Didin' ny Mpanjaka

Fizarana fahatelo

IREO FAMPIANARANA LEHIBE

Ny Fampianarana
Ny Fitahiana
Ny Herin’ny Vavaka
Ny Harena any an-Danitra
Finoana Mahafindra Tendrombohitra
Faharetana, Fahasoavana, ary Famelan-keloka
Ny Amin’ny Fiainana Mamoa Voa
Fahasalamana ary Fanasitranana Ho an’ny Vatana sy ny Fanahy

Page 6 (part four)

Fizarana faha-efatra

NY FIANTSOANA HO AMIN’NY FIAINAM-BAOVAO

Ny Fiantsoana
Ny Amin’ny Fahaterahana Fanindroany Indray
Mpianatra sy Mpanompo
Ilay Fanirahana Lehibe
Ny Vavaka Nataon’i Kristy Ho an’ny Mpianany

Fizarana fahadimy

NY TENY FIKASANA

Ity Taranaka ity
Toerana Iray ho Anareo
Ny Teny Fikasana ny amin’ny Fanahy Masina
Fanasana ho amin’ny Fiainana
Ny Andro Farany
Ilay Fiverenana

Fizarana faha-enina

NY ANDRO FARANY NIAINAN'I KRISTY TETY AN-TANY

Ny Namadihana Azy
Ny Fitsarana sy ny Hazo Fijaliana
Manaraka ny Fitsanganany Amin'ny Maty
Mandrakariva

Page 7

NY TENY NATAON'I JESOSY AVY ANY NAZARETA

Page 9

TENY MIALOHA

Ity boky ity dia fanatanterahana ny resaka natao teo antenantenan'ny taona 1980 tany Londres teo amin'ny totohatry ny tranon'ny namana iray izay nitantara ny fikarohana lalina nataony hahazoana fanazavana sy fanavaozana ara-panahy. Tao anatin'ny fahakiviana izy rehefa nandeha làlana lava be sy nanoloana ireo fanontaniana tsy nahitam-baliny. Sendrasendra fotsiny, hoatr'izany no fisehony ankehitriny, no nanontaniako azy ny antony tsy nampidiriny tao anatin'ny fikarohana nataony ny fampianaran'i Kristy. Mazava ho azy loatra izany ho an'ny saintsika mirona amin'ny fikarohana? Gaga tamin'ilay soso-kevitra nataoko izy. Niteny tamiko izy ny amin'ny namadibadihany ny Testamenta Vaovao nandritra ny fotoana vitsivitsy , nefa tsy nifantoka velively tamin'ny tenin'i Jesosy izy.

Tonga moa ny alina dia nisaraka izahay, kanefa samy nanomboka nizotra tamin'ny lalàna mitovy; izy sambany mba hijery akaiky mandritra ny fotoana lavalava ny tenin'i Jesosy, ary izaho kosa niverina amin'izy ireo amin'ny fitiavana hianatra azy nohavaozina mirehitra tao anatiko. Nanomboka nitsiry tao ambadiky ny fikarohana nataoko ny fahatsapana fa kely dia kely ny zavatra fantatro, ary na dia ireo manam-pahaizana indrindra aza dia miseho ho mahalala ny votoatin'ny hafatr'i Kristy , sy ny fivelarana amin'ny fisehoana ivelany fotsiny ihany izay endrika toa idiran'ny hafany amin'ny rafitra ara-pivavahana misy ankehitriny. Arakaraky ny irosoako amin'ny famakiana no isehoan'ny fifanoherana amin'ireo lamin'asa maro sy programa izay tanterahina amin'ny Anarany.

Fa ny hafatr'ilay niantso ny Tenany hoe Mesia dia tsy inona akory fa fifanoherana. Raha mitaky valiny avy amin'ireo izay manatona ny teniny ilay hafatra dia manakoako toa ny antso mitondra fiovam-penitra mahery vaika ho an'izao tontolo izao izay voatafiky ny fitiavan-karena , sy fahatofohana amin'ny tenany ihany, ary ny fandàvana. Toa azo antoka raha milaza fa ao amin'ny tenin'i Kristy no misy ny tena fototry ny fiovana. Raha misy fampaherezana sy famonjena ao anatin'ireo ankamaroan'ny hevitr'i Jesosy, dia misy fiantsoana lehibe indrindra koa, tsy azo idivirana, izay mandà ny anaovantsika valin-teny tsy rototra.

Tonga teo ambony sehatra Izy mitondra hafatra izay tsy manindry ny amin'Andriamanitra mpamaly faty izay handringana ny ratsy fanahy, fa ny amin' Andriamanitra tia izay*(ka)* nampivelatra ny famindrampo sy ny famelan-keloka. Nosokafany ho an'ny rehetra ny làlana ho amin'ny fanjakana izay azo omena na ny lehilahy na ny vehivavy, na ny Jiosy na ny Jentilisa, na ny andevo na ny olona afaka, raha toa ka ataon'izy ireo ho"tahaka ny zazakely" ny tenany ary nanokatra ny fony mba hanaiky ny

fisiany eo anivon'izy ireo. Tahaka ny fijeriny an'izao tontolo izao izay mety nitaratra ny fomba aman-panaon'ny Jiosy tamin'ny androny dia voatery isika manaiky fa ilay hafatra tena misongadina dia tsy mbola tsy nisy toa azy mihitsy– tahaka ny amin'ny fampianarany mikasika ny vehivavy, ny vavaka ary ny firaisana amin' Andriamanitra. Mamirapiratra amin'ny hevitra fototra momba ny fitsipi-pitondran-tena mikasika ny fiheverana ny namana sy ny fahamasinam-piainana ny fampianarany. Izany dia mivelatra amin'ny fahatsapana anaty ankoatry ny fiorenan'ny lalàna ara-pivavahana eo ambonin'ny fahendrena, amin'ny antso ataony ho an'izao tontolo izao izay mampifandray amin'ny rehetra no sady mahafaoka azy rehetra. Ary manao ahoana ny fisononokan'ny fiditry ny fampianarany amin'ny voambolan'ny fo sy saintsika. Taon-jato roapolo taty aoriana mbola voahazon' izy ireo ihany ny fahefana hampientanentana, hanao fanamby, ary hanasitrana. Mety misandratra, mahavery dia, ary mianjera ny toeram-pampianarana sy ny olo-malaza, fa ny teniny kosa dia mitoetra tahaka ny "… kintana vao maraina izay misandratra ao anatin'ny fotsika." Marina tokoa fa, amin'ny fomba tsy nampoizina tsy tambo isaina, ny sasany mifono fahaizana lalina, ny sasany miharihary kokoa, dia niara-niasa hanova ny fizotran'ny dian'ny fiainako ny fikatsahako ny fahazahoana sy ny fanazavana ny hafatr'i Jesosy.

Marobe ny olona tonga nanampy ahy tamin'ny fanambarana ity lahatsoratra ity. Tiako singanina ny asa lehibe nataon' Itompokolahy William Barkley avy amin'ny Oniversiten'i Glasgow, Kenneth Scott Latourette avy any Yale, Wilard sy Verna Cantelon, izay nanome fampaherezana amin'ny lafiny fanatanterahana sy ara-panahy, ary *Ny Fanekena Vaovao Nataon'Andriamanitra amin'ny Olombelona* an'ny Oniversiten'i Oxford, izay fandikan-teny nahazahoana tolo-tsaina.

Manantena aho fa hahatonga anao hanovo hery amin'ny fikarohana ara-panahy ataonao ary hitarika anao ho amin'ny loharanon'ny Fanahy, ary ilay fahazavana izay mamirapiratra ao amin'izao tontolo izao anatin'ny aizina ity boky ity. Izao no nosoratan'ilay mpanoratra tantara Sholom Ash: "Manana fampianarana fototra ho an'ny Arabo, ho an'ny Tatsinanana, ho an'ny Tandrefana ny mpampianatra hafa, fa ny teny rehetra nataon'i Jesosy dia misy fampianarana ho antsika rehetra. Efa tonga fahazavan'izao tontolo izao Izy."

Lee Cantelon

Page 11

"*Izaho manao batisa anareo amin'ny rano, fa avy Izay mahery noho izaho, ka tsy mendrika hamaha ny fehin-kapany aza aho. Izy no hanao batisa anareo amin'ny Fanahy Masina sy ny afo."*

- *Jaona Mpanao batisa*

"Fa iray no Andriamanitra ary iray no mpanalalana amin'Andriamùanitra sy ny olona, dia Kristy Jesosy Izay olona, sady nanolotra ny tenany ho avotra hisolo ny olona rehetra."

- *Masindahy Paoly*

Page 13

"Ny Fanahin'i Jehovah Tompo no ato amiko, satria Jehovah efa nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny mpandefitra, efa naniraka Ahy hahasitrana ny torotoro fo Izy, ary hitory fanafahana amin'ny babo sy hamoaka ny ao an-tranomaizina ho amin'ny mazava, hitory taona ankasitrahan'i Jehovah."

- Faminaniana nataon'i Isaia, Toko 61, andininy 1 sy 2.

Page 15

FIZARANA VOALOHANY

ATAONAREO HO IZA MOA AHO ?

Page 17

NY OLANA AMIN' NY FIVAVAHANA

Mitandrema tsara, tandremo ny hivelomanareo ny fiainanareo amin'ny "sakafo" araka ny fivavahana.

Efa hadinonareo marina tokoa ny mofo dimy izay namahanana olona dimy arivo sy ireo sisa ambiny roa ambin'ny folo sobika, na ny mofo fito izay namahanana olona efatra arivo ary ilay ambiny tavela. Nefa tsy miresaka ny amin'ny sakafo eto an-tany aminareo Aho. Tsia, tonga Aho mba hampitandrina anareo tsy hivelona amin'ny hevitra sy ny fampianaran-diso ataon'ireo izay mivarotra ny fivavahana.[2]

Sasa-poana ireny olona ireny mivavaka Amiko, mampianatra ho foto-pinoana izay tsy inona akory fa zavatra noforonin'olombelona ihany. Lany andro mihitsy izy mifikitra amin'ny finoanoam-poany ka nanadino ny didin'Andriamanitra.[3]

Tandremo ny mpampianatra sandoka izay mijoro eo anoloanareo mitafy hodi-janak'ondry. Nefa ambodia masiaka no miafina ao ambanin'io fiseho mamitaka io. Manaraka ny tena mpitarika azy dia ny devoly izy, ka manao izay tiany hatao. Efa mpamono olona hatramin'ny voalohany izy, ary tsy nilaza ny marina mihitsy, saria tsy misy marina ao aminy. Rehefa mandainga izy, dia miteny araka ny fombany, satria mpandainga izy, sady rain'ny lainga.[5]

Izao no lazaiko amin'ireny mpisandoka ireny izay manao ny tenany ho mpitsara anareo : Hotsaraina hianareo, ry mpitarika sy mpampianatra fivavahana diso, mpihatsaravelatsihy! Mibahana ny varavaran'ny fanjakan'ny lanitra hianareo, manidy ny lalàna amin' ireo izay maniry ny hiditra ao marina. Tsy miditra hianareo; nefa bahananareo ny làlana amin' izay maniry ny hiditra ao. Mangalatra ny mpitondra tena mahantra hianareo; ary avy eo, mba hanafenanareo ny tena hevitrareo marina, dia manao vavaka lavareny mampiseho fa tia vavaka hianareo. Fanamelohana lehibe no ho lovanareo.

Mandehandeha mitety tany sy ranomasina hianareo mba hahazoanareo olona iray babo amin'ny fampianaranareo; ary rehefa azonareo izany olona izany, dia ataonareo zanaky ny helo avo roa heny noho hianareo izy.

Hoy hianareo mitory: "Tsy ny tempoly no zava-dehibe. Ny fitehirizana ny rakitra soa ny tempoly no zava-dehibe!"

Inona no lehibe kokoa: ny volamena ao anatin'ny fitehirizana ny rakitra soa sa ny tempoly izay manamasina ilay volamena?

Ary hoy hianareo: " Tsy ny alitara no zava-dehibe fa ny fanatitra eo amboniny no zava-dehibe."

Sady adala hianareo no jamba. Iza no lehibe kokoa: ny fanatitra eo amin'ny alitara sa ny alitara izay manamasina ny fanatitra? Na iza na iza manaja ny alitara dia manaja azy sy ny zavatra rehetra eo

amboniny. Ary na iza na iza manaja ny tempoly dia manaja Ilay mitoetra ao anatin'ny rindriny. Ary ireo izay manaja ny lanitra dia manaja ny seza fiandrianan'Andriamanitra, sy Ilay mipetraka eo amboniny.
Na dia ny solila sy ny ahitra maniry eo anoloan'ny tranonareo aza no ataonareo fanatitra dia asianareo fombafombam-pivavahana. Adinonareo miaraka amin' izany ny zavatra mavesa-danja kokoa amin' ny lalàna dia: ny fitsarana, ny famindrampo ary ny finoana , izay tokony ho heverinareo anefa.

Tsy mihoatra ny irain-jehy eo anoloan'ny tavanareo ny fijerinareo. Mitatavana ny lalitra ao anatin'ny divainareo hianareo, kanefa mitelina rameva. Avy eo diovinareo ny ivelan'ny kaopy sy ny vilianareo, kanefa mijanona ao anatiny ao ihany ny hatevin'ny fakàna an-keriny sy ny loton'ny tsy fahononan-tena . Oadray izany fahajambanareo! Diovy aloha ny loto ao anatiny dia hadio koa ny ao ivelany.

Hianareo dia mpampianatra sandoka! Tsy tsara nohon'ny fasana milalotra fotsy, izay miseho ho mahafinaritra ety ivelany kanefa ny ao anatiny feno fahafatesana sy taolam-paty hianareo amin'ny fihatsaram-belatsihinareo. Mety manaitra ny olona hianareo amin'ny fampisehoanareo ny fahamarinanareo ety ivelany nefa ao anatinareo ao dia feno fihatsaram-belatsihy sy fahotana. Ahoana moa no ahafahanareo hino, ianareo izay velona amin'ny fideran'ny namanareo anareo ary tsy mba mitady mihitsy ny fiderana avy amin'Andriamanitra irery ihany?.[5]

Manorina tsangam-bato ho an'ny mpaminany hianareo ary mametraka voninkazo manodididna ny fasan'ny marina, sady miteny hoe: "Raha velona tamin'ny andron'ny razanay izahay, tsy ho navelanay nalatsaka mihitsy ny ràn'ireo tsy manan-tsiny ".

Mba mijoroa moa amin'ny tsy fahamarinanareo e! Taranak'ireo izay namono ny mpaminany hianareo ary ankehitriny aza hianareo manoatra lavitra noho ny nataon'ny razanareo no ataonareo.

Ry bibilava, taranaky ny menarana, hataonareo ahoana moa no fandositra ny fanamelohana amin'ny helo? Indro, haniraka mpaminany sy olon-kendry ary mpampianatra any aminareo aho: ary ho vonoinareo sy ho omboinareo ny sasany amin'ireo; ary ny sasany ho kapohinareo sy ho enjehinareo isan-tanàna.[6]

Fihatsaram-belatsihy izany a! Marina mihitsy Isaia raha naminany momba anareo niteny hoe: "Ity firenena ity manatona Ahy amin'ny vavany sy manaja Ahy amin'ny molony; fa ny fony kosa lavitra Ahy." [7]

Manamari-tena eo anatrehan'ny mpiara-mivavaka aminareo hianareo; fa Andriamanitra mahalala ny fonareo: fa izay heverin'ny olona ho ambony dia maharikoriko eo imason'Andriamanitra.[8]

Mitandrema: Maro no ho tonga avy any atsinanana sy andrefana, ary hipetraka miaraka amin'i Abrahama sy Isaka ary Jakoba, ao amin'ny fanjakan'ny lanitra. Fa ireo izay tokony ho niditra tao amin'ny fanjakana dia ho roahina any amin'ny maizina any ivelany. Raha tsy mihoatra noho ny saritsarim-pahamarinan'ireo izay antsoina hoe mpivavaka ny fahamarinanareo, dia tsy ho tafiditra ao amin'ny fanjakan'ny lanitra mihitsy ny tongotrareo.[9]

PAGE 21

ILAY FAHAZAVANA IZAY NANAZAVA IZAO TONTOLO IZAO

Tonga Aho mba ho fahazavan' izao tontolo izao, ka izay rehetra mino Ahy dia tsy mba hitoetra ao amin'ny aizina. Izaho no fahazavana izay mampahazava izao tontolo izao ; izay manaraka Ahy, tsy mba handeha amin'ny aizina, fa hiaina ny fiainany ao amin'ny mazava.

Eto no mipetraka ilay fitsapana ambony indrindra: fa fahazavana mamirapiratra sahala amin'izany no tonga teto amin'ity izao tontolo izao maizina ity. Kanefa tia ny maizina noho ny mazava ny olona eto ambonin'ity tany ity, satria voatakon'ny fitiavan-tena sy ny fitiavan-karena tafahoatra ny asany. Izao izany no izy, izay manolotra ny fiainany ho amin'ny ratsy dia mankahala ny fahazavan'ny fahamarinana, matahotra sao hita miharihary sy hohelohina ny asany ; fa izay manao ny marina kosa dia manatona ny mazava mba ho hita ny asany, satria ankasitrahan'Andriamanitra ny asany.[2]

Taloha hianareo nivoaka nankany an'efitra hijery ilay mpaminany, Jaona mpanao Batisa. Nanambara ny marina taminareo izy. Jiro nirehitra sy fahazavana namirapiratra izy : ary nanaiky hianareo na dia fotoana kely ihany ny hifaly amin'ny fahazavany. Fa manana fanambarana lehibe noho i Jaona Aho; ny asa izay nomen'ny Ray hovitaiko, ary ataoko dia manamarina fa nirahiny Aho.

Raha tsy manao ny asan'ny Raiko Aho, dia azonareo atao ny tsy mino. Nefa raha manao ny asany Aho, na dia tsy mino Ahy aza hianareo, minoa ny asa izay ataoko; mba hahafantaranareo sy hinoanareo fa ny Ray ato amiko ary Izaho ao Aminy. Tsy maintsy manao ny asan'izay maniraka Ahy Aho raha mbola atoandro ny andro : satria tonga faingana ny alina izay tsy ahafahan'ny olona miasa. [3]

Ny maso no jiron'ny tena: raha tsara ny masonareo , dia ho feno hazavana ny fiainanareo manontolo, fa raha variana amin'ny ratsy ny masonareo, dia hiparitaka amin'ny ny fiainanareo manontolo ny aizina, ary raha ny aizina no manazava ny fiainanareo, manao ahoana anie ny habe sy ny faharatsian'izany aizina izany.[4]

Tsy roa ambinifolo ora ve farafahakeliny ny mazava misy amin'ny andro iray? Raha mandeha amin'ny andro hianareo dia tsy ho tafintohina noho ny fahazavana voajanahary manodidina anareo. Raha mandeha amin'ny alina kosa hianareo, dia hianjera satria tsy misy mazava hitarika anareo. Minoa ny mazava mba hahatonga anareo "zanaky ny mazava." Mandehana dieny mbola mazava, fa tonga haingana ny maizina. Very izay mandeha amin'ny maizina. Raha jamba no mitarika jamba dia tsy maintsy hianjera izy roroa [5]

Tsy mampirehitra labozia hianareo ka avy eo saromana amin'ny fitoeram-boninkazo, na apetraka ambany fandriana; fa apetrakareo eo ambony fitoeran-dabozia izy amin'izay rehefa miditra ao an- tranonareo hianareo na ny vahininareo dia misy jiro manazava ny làlana ao. Sahala amin'izany koa tsy mampirehitra labozia hianareo ka mametraka azy ambany harona fa apetrakareo ambony fitoeran-dabozia mba hanazava ny zava-drehetra ao an-trano. Tsy azonareo an-tsaina ve fa fahazavan'izao tontolo izao hianareo? Tahaka ny tanàna naorina eny ambony tendrombohitra hianareo, tsy azo atao ny mody tsy mahita azy. Aoka ny fahazavanareo hirehitra mazava tsara eo anatrehan'ny olona rehetra mba hahitany ny asa tsara ataonareo sy hanomezany voninahitra ny Rainareo izay any an-danitra. Fa izay ataonareo ao amin'ny takona dia aseho miharihary amin'ny farany, ary izay hoatran'ny miafina dia hahahaka ho hitan'ny lavitra ary velarina tsara indray andro any. Izay lazaiko aminareo manokana izao dia ambarao ampahibemaso ary izay renareo nobitsibitsihan'ny Fanahy taminareo dia kiakiaho eny amin'ny tafon-trano izany.[6]

Page 23

NY FANAMBARANA

Tonga ny fotoana anehoana sy anomezam-boninahitra ny Zanak'Olona [1].

Tsy tonga hitady ny voninahitra hoan'ny tenako Aho fa misy Anankiray izay mikatsaka ny hanandratra Ahy, ary Izy no mpitsara an'ireo izay rehetra manilikilika Ahy. [2]

Voasoratra ao anatin'ny lalànareo ety an-tany fa marina ny fanambarana mitovy ataon'ny vavolombelona roa. Arak'izany, manambara ny tenako Aho, ary ny Ray izay naniraka Ahy koa dia manambara Ahy. Fantatro fa marina ny fanambarana izay nataony momba Ahy. Noho izany tsy mitady ny fiantohana avy amin'ny fahefana ety an-tany Aho. [3]

Izay milaza fotsiny ny momba ny heviny dia maka voninahitra ho an'ny tenany arak'izany. Fa izay miasa ho an'ny voninahitra sy ny haja ho an'Ilay naniraka Ahy no marina ary tsy misy fitaka ao aminy. [4]

Tsy tonga teo aminareo amin'ny anaran'ny tenako Aho fa kosa nirahin'Ilay Iray izay fahamarinana. Tsy nidina avy any an-danitra hanao ny sitrapoko Aho fa ny sitrapon'ny Ray izay naniraka Ahy. Teraka sy tonga ety an-tany Aho ho amin'izao tanjona izao: mba ho vavolombelona velona ny amn'ny fahamarinana. Manaraka Ahy ireo izay tia ny fahamarinana. [5]

Izaho sy ny Raiko dia iray ihany. Tonga ety aminareo amin'ny Anarany Aho mba hanananareo fiainana ary mba hanananareo an'izany mihoatra noho ny be dia be. [6]

Nomena Ahy ny fahefana rehetra, na ny any an-danitra na ny ety an-tany. Omeko anareo ny fiainana mandrakizay, ny fanalahidin'ny fanjakan'ny lanitra ary ny fahefana amin'ny fahefana rehetra ananan'ny fahavalo. Ka aza avela ho ketraka na hatahotra ny fonareo; ny fiadanako no omeko anareo, fiadanana mihoatra lavitra ilay fiadanana izay afaka omen'izao tontolo izao anareo. Ho fantatrareo ny marina, ary ny marina hanafaka anareo; ary raha ny Zanak'Andriamanitra no hanafaka anareo, dia ho afaka tokoa hianareo. Lazaiko anareo izany mba hanananareo finoana mba hinoareo, sy mba hahatonga anareo ho voaova.[7]

Izao no sitrapon'ny Ray izay naniraka Ahy: fa izay rehetra mijery ny Zanaka, sy mino Azy, dia mandray ny fiainana mandrakizay; ary raha mino Ahy hianareo dia hanangana anareo amin'ny andro farany Aho. Mino ny Zanak'Andriamanitra ve hianareo? Izy no miteny aminareo izao.[8]

Page 25

NY TENY VELONA

Ny Ray Izay naniraka Ahy no nanome fepetra Ahy ny amin' izay tokony ho lazaiko aminareo. Fantatro fa mitondra ho any amin'ny fiainana mandrakizay ny teniny; ka na inona na inona asainy lazaiko, dia lazaiko[1]

Ireo teny izay lazaiko dia tsy Ahy fa avy amin'ny Ray izay naniraka Ahy. Ireo izay mandre ny teny izay lazaiko, ka mino Ilay naniraka Ahy, dia hanana fiainana mandrakizay; tsy ho helohina izy fa hiala avy amin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana.[2]

Henoy anie e: tonga ny ora, ary efa tonga izany, izay andrenesan'ny maty ny feon'ny Zanak'Andriamanitra , ary na iza na iza mandre ny feony dia tsy maintsy ho velona.[3]

Mikaroka ny soratra manambara faminaniana tamin'ny andro taloha hianareo satria maniry fatratra ny hahita fiainana mandrakizay. Manambara ny Amiko foana izy ireo nandritr'izay fotona izay; kanefa hianareo misalasala hanatona Ahy mba ahafahanareo mahita ny fiainana izay tadiavinareo.[4]

Na dia tsy miseho aminareo manokana na miteny mazava aminareo aza ny Ray, dia efa nanambara Ahy Izy. Kanefa amin'ny fandavanareo hino Ahy , Ilay nirahin'ny Ray ho aty aminareo, dia mamono sofina hianareo mba tsy hahenonareo ny tena feon'Andriamanitra.[5]

Ahoana no ilazan'ny sasany aminareo, mikasika Ilay natokan'ny Ray tena ho Azy manokana sy nirahiny ho amin'izao tontolo izao, hoe: "Miteny ratsy Izy satria milaza Izy fa Zanak'Andriamanitra ?" [6]

Lazaiko aminareo izao: Izaho no lalàna, fahamarinana ary fiainana; tsy misy afaka mahafantatra ny Ray, raha tsy Izaho no manolotra azy Aminy. Ny Fanahy irery ihany no manome aina. Mandroso amin'ny fahanterana ny tenanareo izay avy amin'ny tany ary farany lasa osa, fa ny teny izay lazaiko anareo dia fanahy sy fiainana.[7]

Tsy mba mitsara izay mandre izao teny izao kanefa tsy mino Aho; satria tsy tonga hitsara izao tontolo izao Aho, fa hamonjy azy. Aoka anefa hianareo ho ampandrenesina ; ireo izay nandà Ahy sy ny teniko dia ho tanana ho tompon'andraikitra: ny fahamarinana izay nolazaiko no hijoro ho mpitsara anareo amin'ny andro farany.[8]

Marina tokoa fa ny lanitra izay eo amboninareo, sy ny tany ambany tongotrareo, dia ho levona indray andro any; fa ny teny izay lazaiko dia tsy ho levona mandrakizay.[9]

Page 27

NY RAY

Inona no eritreritrareo ny amin'i Jesosy Kristy? Zanak'iza moa Izy?

Tsy misy mahalala iza no Zanak'Andriamanitra afa-tsy ny Ray any an-danitra: ary tsy misy mahalala iza no Ray afa-tsy ny Zanaka; ary ireo izay ampisehoan'ny Zanaka Azy. Hatramin'izao tsy mbola nahalala Azy hianareo tahaka ny fahalalako Azy; fa tonga Aho, iraka avy Aminy ho aminareo.[2]

Miaraka Amiko eto ankehitriny Ilay naniraka Ahy. Tsy navelany irery Aho, satria izay mahafinaritra Azy foana no ataoko. Ny tena marina, rehefa mahita Ahy hianareo dia nahita ny Ray; ka nahoana hianareo no mbola miteny foana hoe: "Asehoy anay Andriamanitra?". Tsy mino ve hianareo fa Izaho dia iray sady mitovy amin'ny Ray, ary ny Ray dia iray ary mitovy amiko?[3]

Izaho sy ny Ray dia iray ihany. Izay rehetra ananan'ny Ray dia Ahy. Tonga avy amin'ny Ray ho amin'ity izao tontolo izao ity Aho; hiala amin'ity izao tontolo izao ity indray Aho ka hiverina ho any amin'ny Raiko. [4]

Fa ny Zanaka tsy afaka manao na inona na inona raha ny tenany irery ihany, fa izay hitany ataon'ny Ray ihany no ataony. Tian'ny Ray ny Zanaka, ary nampisehony azy ny fikasany ho an'izao rehetra izao; ary hanatrika fahagagana lehibe kokoa noho ireo efa hitanareo hianareo. Tahaka ny nananganan'ny Ray ny maty sy nanomezany fiainana vaovao, tahak'izany koa ny hanomezan'ny Zanaka fiainana vaovao ho an'izay tiany homena izany.[5]

Kanefa tsy afaka manao na inona na inona Aho raha amin'ny tenako ihany; mihevitra fotsiny arak'izay itarihan'Andriamanitra Aho; ary tanteraka ny làlako satria tsy ny sitrapoko no katsahako fa ny sitrapon'ny Ray izay naniraka Ahy. Tahaka ny ananan'ny Ray fahefana hanome fiainana, ny Zanaka koa dia manana ny fanomezan'ny fiainana ary nomena ny fahefana hanatanteraka ny fitsarana satria Izy no ilay Mesia, ilay Zanak'Olona.[6]

Efa nolazaiko anareo hatramin'ny voalohany izany: misy zavatra betsaka tokoa ao amin'ny fiainanareo izay azoko melohina, kanefa tonga miaraka amin'ny hafatra hafa Aho nomen'ilay Iray izay fahamarinana ho Ahy. Izay no hafatra ambarako amin'izao tontolo izao.[7]

Rehefa asandratrareo (eo amin'ny hazo fijaliana) ny Zanak'Olona amin'ny farany, dia ho fantatrareo iza moa Aho ary ho tonga saina hianareo fa tsy nanao na inona na inona araky ny fikasako sy ny fahefana ananako Aho fa nampitaiko tany aminareo ny teny izay nasain'ny Ray ambarako.[9]

Page 29

NY MPIANDRY TSARA

Aza matahotra ry andian'ondry vitsy, fa fifaliana ho an' ny Rainareo ny manome anareo ny fanjakana.[1]

Izaho no mpiandry tsara. Fantatro ny andian'ondriko ary fantany Aho, tahaka ny fahalalan'ny Ray Ahy sy ny fahalalako ny Ray. Manaiky hanolotra ny fiainako ho an' ny ondriko Aho. Fantatry ny ondriko ny feoko. Fantatro amin'ny anarany ny tsirairay avy amin'izy ireo ary manaraka Ahy izy. Fiainana mandrakizay no omeko azy. Tsy haringana mihitsy izy ary tsy misy olona afaka maka azy an-keriny ety an-tanako. Ny Raiko izay nanome azy ireo Ahy dia lehibe noho ny fanjakana na ny fahefana na inona na inona izany; ary tsy misy hery afaka manendaka na dia ny malemy indrindra amin'ny ondriko aza avy eo an-tanany mahery. Kanefa mbola be dia be ny ondry izay Ahy any ivelan'ny valan'ondry: tsy maintsy manangona azy rehetra koa Aho. Hifaly koa izy ireo raha vao maheno ny feoko; ary ho tonga mpikambana amin'ilay vala lehibe iray, ary mpiandry ondry iray no hiandry azy ireo na alina na andro.[2]

Izay miditra amin'ny varavaran'ny vala dia izy no mpiandry ny ondry. Vohain'ny mpiandry vavahady ho azy ny varavarana ary mientanentana ny ondry rehefa mandre ny feony. Antsoiny tsirairay amin'ny anarany izy ireo ary tarihiny hivoaka ho any amin'ny ahitra maitso. Rehefa mitarika ny ondriny hivoaka hiraoka ahitra izy dia izy no mandeha eo alohan'ireo. Manaraka azy ireo, ampaherezin'ny teny izay lazainy. Tsy hanaraka olon-kafa izy; fa handositra lavitra aza raha mandre feo hafa fa tsy ilay mahazatra azy.[3]

Izaho no mpiandry tsara izay manome ny aiko ho an'ny ondry. Ny olona nokaramaina dia tsy mpiandry ondry marina. Tsy mikarakara ny ondry tahakan'ny an'ny tenany izy; ary rehefa hitany manatona ny ambodia dia mandositra izy ka avelany tsy misy mpiaro eo ny ondry. Samborin'ny ambodia ireo ary aparitany.[4]

Izaho no varavarana miditra any amin'ny valan'ondry. Ireo izay miezaka hiditra io vala io amin'ny lalan-kafa dia tsy inona akory fa mpangalatra sy mpandroba. Be dia be ny mpisoloky efa tonga talohako, kanefa tsy fantatry ny ondry izy ireny na narahiny. Izaho no varavarana. Midira amin'ity varavarana ity dia hatoky hianareo afaka miditra sy mivoaka malalaka, ary hahita hanina.[5]

Asian'ny fahalovan'ny tsy fahafaham-po, ny fahafatesana ary ny fandravana ity tany ity; fa tonga Aho hamadika izany fandehan-zavatra mahatsiravina izany. Tonga Aho mba hahitan'izy ireo ny tena dikan'ny fiainana marina sy mba hotahiana izy ireo.[6]

Page 31

SAKAFO HO AN'NY FANAHY

Voasoratra hoe: "Tsy mofo ihany no iveloman'ny olona, fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan'Andriamanitra." [1]

Izaho no mofon'ny fiainana: raha manatona Ahy hianareo tsy ho noana ara-panahy intsony indray; ary raha mino Ahy hianareo dia tsy hangetaheta ara-panahy intsony indray. Mifohaza ary e! Raiso ny mofon'aina izay nidina avy any an-danitra: raha mihinana ity mofo ity hianareo, dia ho velona mandrakizay. Ny mofo izay atolotro anareo dia ny aiko, izay omeko ho fiainan'izao tontolo izao. Izaho no mofon'ny fiainana nidina avy any an-danitra, mba ahafahanareo mihinana an-kafaliana amin'ny sakafom-panahy, ary noho izany mandray fiainana ara-panahy fa tsy maty.[2]

Laninareo daholo ny herinareo amin'ny hanina izay mety simba; fa maninona raha mikatsaka ny hanina izay haharitra mandrakizay. Ity no hanina izay iriko omena anareo satria nomen'Andriamanitra Ray Ahy izany fahefana izany. [3]

Efa renareo ny amin'ny nihinanan'ny razanareo mana tamin'izy ireo tany an'efitra; fa taloha elabe izany, ary izao efa maty izy ireo. Tsy afaka nanome anareo ilay tena mofo avy any an-danitra izay atolotry ny Raiko anareo i Mosesy. Fa ny mofon'Andriamanitra dia Ilay nidina avy an-danitra ary manome fiainana ho an'izao tontolo izao.[4]

Raha azonareo ny fanomezan'Andriamanitra dia nangataka ny hanomezako anareo rano velona koa hianareo; fa na iza na iza misotro rano tsotra dia hangetaheta vetivety ihany indray izy, fa na iza na iza misotro ny rano izay omeko dia hahita fatsakana izay miboiboika avy ao anatiny; tondraka amin'ny fiainana mandrakizay izy.[5]

Mangetaheta ara-panahy ve hianreo? Manatona ary Ahy ka misotroa; fa ireo izay mino Ahy araka ny voasoratra dia "hisy onin'ny rano velona hiboiboika avy ao an-kibony." [6]

PAGE 33

FIZARANA FAHAROA

NY FANJAKANA VAOVAO

PAGE 35

NY FANJAKAN'NY LANITRA

H*atramin'ny andron'i Jaona Mpanao batisa ka mandraka ankehitriny, .dia nandroso amin-kery ny fanjakan'ny lanitra ary maro be ny isan'ireo izay liana ary namoy fo nandrombaka ny fahamarinana!* [1]

Ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny tanimbarin'ny mpamboly iray, voavoly varim-bazaha tsara. Indray alina izay, raha mbola natory ilay mpamboly, tonga ny fahavalony ka namafy voatsiparifary teo ambonin'ilay varim-bazaha ary nandositra izy avy eo. Rehefa nitsimoka avy ao anaty tany ny varim-bazaha voalohany, niara-nitranga taminy koa ny tsiparifary. Tonga teo ny mpanompon' ilay mpamboly nahita izany ka nalahelo mafy nilaza taminy hoe: « Hono ho ahoTompoko, tsy voa tsara

moa no nafafinay teo amin'ny sahanao? Koa maninona aza no tena be dia be toa izao ny voatsiparifary ? »

Hoy ilay Mpamboly hoe: « Tsy maintsy ny fahavalo izay no nanao an'io. »

« Tokony hiezaka hanala an'ireo ve izahay? » hoy ilay mpanompony.

« Tsia »hoy ilay mpamboly. « Raha hesorinareo ny tsiparifary dia hesorinareo miaraka aminy koa ny vary. Avelao aloha hiara-haniry izy roa mandram-pahatongan'ny fotoam-pijinjana; ary amin'ny fotoam-pijinjana holazaiko amin'ny mpioty hoe: « Angony aloha ny tsiparifary, ary fatory ho salohiny iray izy hodorana. Avy eo angony ny vary ho any amin'ny fitoeram-bokatro. »

Ny Zanak'Olona no mpamafy voa tsara. Izao tontolo izao no saha. Misolo-tena ny zanaky ny fanjakana ny voa tsara, ary misolo-tena ireo izay voafitak'ilay ratsy ny tsiparifary. Ny devoly no fahavalo izay namafy ny voatsiparifary. Ny fotoam-pijinjana no faran'izao tontolo izao ary ny anjely no mpamory ny vokatra. Ary rehefa voaangona sy voadoro ny tsiparifary, toy izany koa no hiseho amin'ny faran'izao andro izao. Haniraka ny anjeliny ny Zanak'Olona, ary hanangona izay zavatra rehetra izay nahatonga ny olona ho tafintohinana izy ireny, ary ireo izay velona tsy manara-dàlana any ivelan'ny fanjakany, dia halefany sesi-tany any amin'ny fitoerana misy fitomaniana sy fijaliana. Ary ny marina hamirapiratra tahaka ny masoandro any amin'ny fanjakan'ny Rainy. Raha manan-tsofina hihaino ianareo dia henoy izany teny izany. [2]

Ho rava ny fanjakana rehetra izay misaraka hanohitra ny tenany ihany, ary ny tanàna na trano rehetra izay misaraka hiady an-trano ihany dia hirodana no iafarany. Tahaka izany koa, raha miady amin'i Satana i Satana,dia misaraka hanohitra ny tenany ihany izy. Ahoana ary no haharetan'ny fanjakany?

Tsy misy olona afaka manaisotra avy amin'ny fanjakan'i Satana raha tsy mamatotra an'i Satana aloha izy. Raha amin'ny fanekena nataoko amin'i Satana no androahako demonia sy anaovako famantarana sy fahagagana, dia amin'ny hery inona no anaovan'ny zanakareo an'izany koa? Aoka izy ireo no ho mpitsara anareo: afaka mamaly izany fanontaniana izany ho anareo izy. Kanefa kosa raha amin'ny Fanahy Masin'Andriamanitra no amoahako sy amoahan'ny zanakareo demonia, dia efa tonga eto aminareo ny fanjakan'Andriamanitra. [3]

Mbola tsy novakianareo tao anaty Soratra Masina angaha ny teny hoe: « Ny vato izay nolavin'ny mpanao trano, no efa tonga vato fehizoro omem-boninahitra; ity no nataon'ny Tompo, ka mahafinaritra eo imasontsika! » Indro ny fanjakan'Andriamanitra dia efa ho esorina aminareo izay mihaino fotsiny nefa tsy manao na inona na inona, ary nomena ho an'ireo olona izay miasa mba hamoa voa eo amin'ny fiainany. [4]

Tandremo ny fomba fampiaranareo ity hafatra ity: fa azo avela daholo ny fahotan'ny olona rehetra miaraka amin' ny fitenenan-dratsy nataony. Fa tsy misy fampihavanana ho an'ireo izay mahita ny ratsy ho tsara ary ny tsara ho ratsy, miteny ratsy manohitra ny Fanahy Masina. Fandikana ny lalàna mandrakizay izany. Tandremo izao teny izao: fa ny olona ratsy fanahy sy ny mpivaro-tena hiditra hialoha anareo any amin'ny fanjakan'ny lanitra. Nandre ny antso ho amin'ny fiainana izy ireo ka niverina tamin'Andriamanitra. Ireo olona mpivavaka amin'ny andaniny kosa nandre ny antso, kanefa an-tsitrapo no nandavany azy.

Tsy ny famerimberenana ny hoe: « Tompoko, Tompoko » no hidiranareo any amin'ny fanjakan'ny lanitra, fa ny fanaovanareo ny sitrapon'ny Raiko izay any an-danitra.

Inona moa no hitranga, raha mandeha mankany am-baravaran'ny iray amin'ireo trano lehibe ao an-tanàn-dehibe amin'ny andro alina be hianao, ka efa any am-pandriana ny tompon-trano, hianao anefa mandondona mafy sy miantsoantso hoe: « Vohay ny varavarana fa te-hiditra aho e ! »

Hamaly ilay tompon-trano hoe: « Mandehana any , tsy fantatro hianao. »

Raha mbola mikiry manazava hianao hoe: « Ka izaho anie nisakafo tao amin'ny hotely nihinananao e, ary nandre anao nampianatra teny amin'ny arabenay, » dia izao ihany no havaliny: « Tsy mazava aminao ny teniko, efa nolazaiko taminao fa tsy mahafantatra anao aho. Aza manabataba ahy!"

Amin'ny andron'ny fitsarana be dia be no ho avy ka hanao hoe: « Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin'ny anaranao ve izahay, sy nandroaka demonia tamin'ny anaranao, ary tamin'ny anaranao no nanaovanay asa mahagaga? »

Dia tsy maintsy holazaiko azy amin'izay hoe: « Mialà amiko, tsy nahafantatra anareo mihitsy Aho. Niaina ny fiainanareo manontolo tamin'ny fanaovan-dratsy hianareo. » [6]

Mampianatra anareo amin'ny alàlan'ireto fanoharana ireto Aho. Nomena anareo ny hahalala ny zava-miafin'ny fanjakan'ny lanitra. [7]

Ity misy tantara anankiray indray hanehoana ny fanjakan'ny lanitra: Indray andro izay nisy lehilahy anankiray mpanankarena mpametra-bola amin'ny raharaham-barotra, izay niomana handeha hivahiny any an-tany lavitra. Novoriany ireo telo lahy mpiara-miasa akaiky aminy alohan'ny andehanany ka napetrany tamin'izy ireo ny fitantanana ireo petra-bolany raha lasa izy. Nomeny kaontim-bola dimy ny voalohany, kaontim-bola kely roa no nomeny ny faharoa, ary ny fahatelo nomeny kaontim-bola kely iray. Samy nomeny andraikitra avy arakaraky ny talentany izy ireo.

Ilay mpiara-miasa akaiky aminy izay nomeny kaontim-bola dimy tonga dia nanomboka nividy sy nivarotra, ary tsy ela akory dia nitombo avo roa heny ny petra-bolany ka nanana kaontim-bola folo izy. Nanao toy izany koa ilay mpiara-miasa aminy faharoa. Nampiasany ilay kaontim-bola roa izay napetraka taminy, ary afaka nampitombo azy avo roa heny koa izy. Fa kanosa kosa ilay fahatelo. Napetrany tao anaty vatakely ny kaotiny, ka naleviny tao anaty tany. Ary lasa izy fa matahotra sao very na misy mangalatra ilay izy.

Volana maromaro taty aoriana, niverina tamin'izay nalehany ilay lehilahy mpanan-karena. Tonga dia novoriany ireo mpiara-miasa akaiky aminy mba hanome tatitra ny amin'ny nitantanan'izy ireo ny volany.

Notantarain'ilay mpiara-miasa aminy voalohany ny fomba nampiasainy ny kaontim-bola dimy ka manana kaontim-bola folo izy amin'izao fotoana izao. Izao no nolazain'ilay lehilahy mpanan-karena taminy: « Tsara mihitsy ny nataonao sady nahatoky hianao. Satria mahatoky hianao tamin'ireo kaontim-bola dimy ireo dia homeko vola be lavitra noho ireo hianao hotantananao. Afaka manomboka mifaly amin'ireo andraikitra ireo hianao androany. »

Nantsoiny indray ilay mpiara-miasa aminy faharoa, izay nilaza hoe: « Roa ny kaontim-bola nomenao ahy hampiasaiko; manana efatra aho izao»

Nony nandre izany ilay lehilahy mpanan-karena dia namerina indray izay nolazainy tamin'ilay mpiara-miasa aminy voalohany: « Tsara izany, nahatoky tamin'ny fitantananao ireo kaontim-bola kely roa ireo hianao. Omeko be dia be hampiasainao hianao. Mandehana manao ny asanao amin'ny fifaliana. »

Ary farany, niantso ilay mpiara-miasa aminy fahatelo izy. Hoy izy io: « Nataoko foana fa lehilahy masiaka hianao. Manangona zana-bola amin'ny volan'ny olona hianao, ary nieritreritra aho fa ho alainao fotsiny izao izay rehetra zana-bola azoko tamin'ny kaontim-bolako kely io. Ka dia naleviko tao anaty tany ilay izy, ary navelako tao mandram-piverinao. »

Ary izao no notenenin'ilay lehilahy mpanan-karena taminy: « Hianao ity dia mpiara-miasa adaladala. Fantatrao ny fomba fitondrako ny varotra. Farafaharatsiny mba azonao napetraka tany amin'ny banky ny vola mba hahazoany zana-bola. Kaontim-bola iray ihany no nomena ho tantananao dia nalevinao tao anaty tany ilay izy. Izao na dia ity aza dia halaina aminao ka homena ny iray izay nitantana izany tamim-pahendrena. Inona sisa ny aminao, afa tsy alahelo sy nenina? »

Any amin'ny fanjakan'ny lanitra ireo mampiasa izay ananany, tsy maninona akory na dia hoatrany tsy misy dikany aza izany, dia mbola hahazo bebe kokoa hatrany hatrany ary hanana be dia be; fa ireo izay rehetra manao amin-tahotra na ireo tsy mahatoky na dia amin'ny zavatra farany izay kely indrindra aza , dia ho very daholo ny zavany rehetra ananany no iafarany. [8]

Ohatra iray koa afaka sintomina amin'ny tantaran'ilay lehilahy tompon'ny tany izay niainga vao mangiran-dratsy hitady mpiasa hiasa ny tanim-boalobony. Rehefa nahita ny mpiasa mahay ilay asa izy dia nifanaiky tamin'izy ireo amin'ny karamany, farantsa volafotsy iray isan'andro. Ary naniraka azy ireo ho eny an-tanim-boalobony izy.

Nony atoandrotoandro, tokony teo amin'ny sivy ora, niverina nankany an-tanàna izy, ary nahita andiana mpiasa izay tsy miasa mijoro tsy manao na inona na inona eo afovoan-tsena; hoy izy tamin'izy ireo: « Mandehana miasa any an-tanim-boaloboko, fa homeko karama tsara ianareo. »

Tamin'ny roa ambiny folo, niverina nankany an-tanàna ilay tompon'ny tany, ary tamin'ny telo tolakandro indray, isaky ny mankany izy mitondra ireo olona tsy an'asa hiasa ao amin'ny tanim-boalobony. Farany, tokony tamin'ny dimy ora hariva, nandeha farany nankany an-tanàna izy. Nifanena tamin'ny olona midonana-poana tsy an' asa izy. Nanontany azy izy hoe: « Fa maninona hianareo no mijorojoro eto fotsiny mandritra ny andro? »

Hoy izy ireo hoe: « Satria tsy misy olona manakarama anay »
Hoy izy: « Andao ary fa mbola manana asa ho anareo ao amin'ny tanim-boaloboko aho. »

Rehefa tonga ny hariva, dia hoy ilay tompon'ny tany tamin'ilay mpikarakara ny tanim-boaloboka: « Antsoy ireo mpiasa tany eny amin'ny tanim-boaloboka, ary omeo azy ireo ny karamany, atombohy amin'ny farany mankany amin'ny voalohany izay nampiasaiko androany. »

Izay nanomboka niasa tamin'ny dimy hariva no nandroso, ary samy nandray farantsa volafotsy iray avy izy. Nony nahita izany ireo izay niasa hatramin'ny maraina dia nihevitra fa hahazo bebe kokoa. Nony nandroso anefa dia nahazo farantsy volafotsy iray avy koa izy. Tonga izy dia nanomboka nimonomonona tamin'ny tompon'ny tany: « Ireo tara vao nantsoina niasa androany hariva zara raha niasa adiny iray, nefa nomenao karama mitovy amin'ny anay. Izahay no nanao ny ankamaroan'ny asa nandritra ny fotoana tena nahamay indrindra tamin'ny andro. »

Namaly azy ilay tompon'ny tany hoe: « Ô Ry zalahy a, tsy nanao ratsy anareo aho. Moa tsy efa nifanaiky ny amin'ny karama indray andro moa isika ho farantsa volafotsy iray? Ka raiso ny anareo, dia lasa hianareo. Izaho no nisafidy ny handoa karama mitovy amin'ny anareo ho an' ireo izay nanomboka niasa tamin'ny fiafaran'ny andro.

Moa ve tsy manana zo hitantana ny volako araka izay hitiavako azy aho?Ary angaha feno fialonana ny masonareo satria hitanareo fa malala-tànana sy tsara fanahy aho?

Mbola fanoharahana ny amin'ny fanjakan'ny lanitra koa ity, satria lazaiko aminareo ,fa izay farany no ho voalohany ary izay voalohany no ho farany. Be dia be no nantsoina fa vitsy kely no fidina.[9]

Fa sahala amin'ny harena milevina any anaty tanim-boly ny fanjakan'ny lanitra. Hitan'ity lehilahy iray ity izany indray andro izay.Ka tonga dia nototofany haingana izany. Nivarotra tamin'ny fifaliana izay rehetra nananany izy, nataony ho toy ny zavatra kely izay nafoiny tamin'izany mba hividianany ilay tanim-boly.[10]

Tsy navelan'ireo izay rehetra miditra ny fanjakan'ny lanitra hisy zavatry ny tany mihazona azy ireo ety.Tahaka ny mpivarotra izay nitady ny perla iray lafo vidy nandritra ny fiainany manontolo, nahafoy ny zavatra rehetra tamim-pifaliana izy ireo mba hahafahany mahazo izany harena sarobidy izany- fiainam-baovao, fomba fisainana vaovao , fanantenana eto amin'ity izao tontolo izao ity sy ny fiainana izay mbola ho avy .[11]

Mandroso manaraka planina masina ny fanjakan'Andriamanitra. Mamafy voa eny an-tanim-boliny ny mpamboly ,ary lasa natory izy rehefa vitany ny asa nataony. Isan'andro izy mifoha miasa mandra-paharivan'ny andro.Tao anatin'izany nanomboka ny fitombo araka ny lalàn'ny natiora , nitsimoka sy nanomboka nitsiry ilay voa, zavatra isan-karazany tena sarotra tsy takatry ny sain'ilay mpamboly; voalohany aloha nisy tsiry malefaka kely nipoitra, dia avy eo salohim-bary, avy eo indray vokatra masaka; mandram-pahatonga ny fotoana andraisan'ilay mpamboly ny antsiny fa tonga ny fararano.[12]

Tahaka ny voan-tsinampy nambolena eny an-tanimboly ny fanjakan' ny lanitra. Na dia anisan'ireo voa farany izay madinika indrindra aza izy, zava-maniry lehibe no maniry avy aminy, manjary avo be saika tahaka ny hazo, toerana izay ipetrapetrahan'ny vorona sy ahitany fialofana.Tahaka ny sira indray mitsingina anaovana mofo. Ka na dia afangaro amin'ny kobam-bary betsaka aza, dia mahamasina ny koba rehetra izy.[13]

Farany ny fanjakan'ny lanitra dia azo ampitahaina amin'ny haraton'ny mpanarato iray ,izay nalatsaka tany amin'ny faran'ny rano ka nahazo karazan-trondro maro. Nosarihin'ilay mpanarato teny an-tanety ilay izy rehefa feno.Teo dia nangoniny tao anaty harona ny trondro tsara, nariany ny ratsy . Ho tahaka izany koa ny amin'ny andro farany.Ho tonga ny anjely hanavaka ny ratsy fanahy hiala amin'ny zanak'Andriamanitra, hanipy ny ratsy fanahy any anaty afo, toeran'ny fanaintainana sy ny fahoriana.[14]

Nirahiko hianareo, tsy manana fananana, tsy manam-bola na koa tsy manan-java-kianteherana mba ho fitahiana ho an'ny hafa. Mba efa tsy nanana na inona na inona ve hianareo indray mandeha? Aza manahy ny ampitso, fa avelao ny ampitso hanahy ny aminy. Marina, efa ampy izay manahirana anareo isan'andro, mba tsy hiahianareo ny amin'ny ho avy. Iza aminareo no afaka mampitombo ny halavany irain-jehy amin'ny fiasan'ny sainy?[15]

Jereo ny vorona eny amin'ny habakabaka; tsy mba manidina eny izy sady be fanahiana ! Tsy mba miari-tory ela izy ny alina mieriteritra ny amin'ny andro ho avy, satria ny Rainareo any an-danitra no miantoka ny fanomezana sakafo azy. Tsy fantatrareo ve fa manoatra noho ny fikarakarany ny vorona ny fikarakarany anareo?[16]

Moa tsy vola madinika vitsivitsy fotsiny no vidin'ny tsintsina roa eny an-tsena? Nefa mbola tsy nianjera amin'ny tany ny iray amin'izy ireny ka tsy fantan' ny Ray any an-danitra! Ka noho izany, ajanony amin'izay ny fatahorana. Manan-danja lavitra noho ny andian-tsintsina ianareo. Fa na dia ny volon-dohanareo aza dia voaisany.[17]

Nahoana ianareo no manahy ny amin'izay hotafianareo? Jereo ny lisy manirinirу foana eny an-tsaha. Maniry amin'izao izy ireny , tsy mila miezaka akory. Na dia ny Mpanjaka Solomona teo amin'ny voninahiny rehetra aza nefa dia tsy mba nanao fitafiana tsara tarehy tahaka ny iray amin'ireny voninkazo ireny. Raha toa izany no ikarakaran'Andriamanitra izay manirinirу foana eny an-tsaha, izay eo androany ary ampirehetan'afo kosa rahampitso, moa tsy manoatra noho izany ve no hikarakarany anareo? Nahoana no kely finoana toy izany ianareo?

Ka noho izany atsaharo ny fitenenana hoe: « Inona no ho haninay? Inona no ho sotroinay? Hanana ny ampy hitafianay ve izahay? » Izany no fomba fisainan'ny tsy manam-pinoana, manahy foana. Mangala aina! Fa fantatrin'ny Rainareo any an-danitra fa ilainareo daholo ireo rehetra ireo, ary mihoatra noho ireo aza.

Fa katsaho aloha ny fanjakan'Andriamanitra sy ny fahamarinany dia homena anareo izay rehetra ilainareo.[18]

PAGE 43

NY DIDIN'NY MPANJAKA

Ity no lehibe indrindra amin'ny didy rehetra: Tiava ny Tompo Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra , sy amin'ny fanahinao rehetra ,ary amin'ny sainao rehetra ary amin'ny herinao rehetra.[1]

Ary aoka ho toy izao ny didy faharoa: Ho tia ny mpifanolo-bodirindrina aminao tahaka ny itiavanao ny tenanao hianao.[2]

Izao no didiko : Ny mba hifankatiavanareo tahaka ny itiavako anareo!Tsy misy didy lehibe noho ireo.Tsy misy olona manana fitiavana lehibe kokoa noho Ilay manaiky hanolotra ny ainy ho an'ny namany![3]

Na iza na iza miaina mifanohitra amin'ny kely indrindra amin'ireo didy ireo, dia izy no ho kely indrindra any amin'ny fanjakan'ny lanitra. Fa na iza na iza miaina an'ireo, ary mampianatra ny hafa ny fifaliana amin'ny fanarahana azy, dia antsoina hoe lehibe ao amin'ny fanjakan'ny lanitra. Efa nolazaiko anareo izany rehetra izany , mba ho aminareo ny fifaliako, ary mba ho tanteraka ny fifalianareo.[4]

Marina fa efa nahare olona hianareo niteny hoe : « Mandeha ho azy ny mitia ny mpifanolo-bodirindrina aminao, ary mankahàla ny fahavalonao. »

Fa Izaho kosa milaza hoe, tiava ny fahavalonareo.Tahio ireo izay manozona anareo.Valio soa izay mankahala anareo. Mivavaha ho an'izay manambàny sy manenjika anareo; fa rehefa manao izany hianareo dia ho tonga zanaky ny Rainareo izay any an-danitra: fa Izy mampiposaka ny masoandro amin'ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy, ary mampirotsaka ny ranon'orana amin'ny marina sy ny tsy marina. Raha izay tianareo ihany no tianareo, inona no maha tsara izany? Fa ny mpanao ratsy aza mba manaraka izany fomba izany koa. Raha ny namareo ihany no ampiantranonareo inona no valisoa ho azo amin'izany?[5]

Fa izao ahay, mifankatiava hianareo tahaka ny nitiavako anareo. Rehefa manao izany hianareo dia ho hitan' ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, satria feno izany fitiavana tsy tia-tena izany ianareo. Aoka tsy ho voafitaka hianareo, raha misy tena tia Ahy tokoa dia ho fantatrareo izany. Fa hiaina araka ny teniko izany olona izany; omen'ny Raiko voninahitra ary voatahy amin'ny fanatrehany amin'ny maha sakaizany azy. Raha mihaino izay lazaiko hianareo, ka manatanteraka izany , ary tia Ahy, dia ho tian'ny Raiko sy ho tiako ianareo. Ho tonga Izahay hanamboatra fitoerana ho Anay ao anatinareo, ao amin'ny tranon' ny fonareo.[6]

Tia anareo ny Raiko, satria nino Ahy ianareo, ary nino fa avy amin'Andrimanitra Aho. Tomoera amin'izany fitiavana izany. Tandremo ny teniko dia hitoetra amin'izany fitiavana izany hianareo; mitandrina ny didin'ny Raiko Aho, ary amin'ny fanatanterahako izany dia mitoetra ao amin'ny fitiavany Aho. [7]

Nisy lehilahy iray izay nandeha avy an'i Jerosalema ho any Jeriko. Teny an-dàlana izy notafihan'ny jiolahy izay nanendaka ny akanjony, nikapoka azy, ary namela azy torana teo. Nisy mpisorona sendra nandalo anefa tamin'izany làlana izany. Raha nahita ity lehilahy mahantra ity izy anefa dia niala ho ery ampitan'ny làlana.

Tsy ela taorian'izay kosa, nisy lehilahy izay fatra-pivavaka nandalo teo. Niondrika nijery an' ilay olona niharan-doza izy, dia lasa nandeha haingana.

Farany indrindra, nisy Samaritana izay namavomavoina noho ny firazanany nanatona. Raha nahita ity lehilahy naratra ity izy, tonga dia nangoraka azy, ka ny akanjony mihitsy no norovitiny hanaovana lamba lavalava ary nofeheziny ny ratran'ilay olona, nohosorany menaka sy divay. Dia napetrany moramora teo ambonin' ny borikiny izy avy teo, ka nentiny ho any amin'ny hotely fandraisam-bahiny. Dia naka toky tsara izy fa ho voakarakara tsara io lehilahy io.

Ny maraina nialohan'ny hiangany, nandoa vola tamin'ny tompon'ny hotely fandraisam-bahiny izy ary nanao hoe: « Karakarao izy; ary rehefa miverina aho , haloako ny volanao."

Ka iza amin'ireo olona telo ireo no naman'ilay lehilahy izay nianjera teo an-tànan'ireo jiolahy?

Mandehana, iaino ny fiainanareo manao tahak'izay nataon'ilay lehilahy tsara fanahy avy any Samaria.

PAGE 45

FIZARANA FAHATELO

IREO FAMPIANARANA LEHIBE

PAGE 47

NY FAMPIANARANA VAOVAO

N*a iza na iza mandre ny teniko ka mankato azy dia hendry,sady manorina eo amboniny fototra izay natao tamin'ny vato.* [1]

Latsaka ny orana ary miakatra ny rano. Mamely ny trano ny rivotra mifofofofo, fa mbola mijoro izy: satria naorina eo ambony vato mafy.

Fa izay rehetra mandre ny teniko izay manome fiainana, ka mandà azy, dia manorina fototra eo ambonin'ny fasika. Latsaka ny orana, miakatra ny rano. Mamely ny trano ny rivotra mifofofofo, ary mianjera ny fototra. Mirodana ny trano, ary mahatsiravina ny fianjerany. [2]

Nisy lehilahy roa niditra tao amin'ny tempoly mba hivavaka, ny iray mpiavonavona, mpanamari-tena, ny iray indray mpamory hetra malaza amin'ny ny tsy fahamarinany. Izao no vavaka nataon'ilay mpirehareha: « Misaotra Andriamanitra ô, fa tsy mba mpanota tahaka ny hafa sasany aho, indrindra fa itsy mpamory hetra mpamitaka izay hitako eo amin'ny zoron-trano itsy. Tsy mba namitaka mihitsy aloha aho e, na nijangajanga. Mifady hanina in-droa isan-kerinandro aho, ary omeko any amin'ny tempoly ny am-pahafolon'izay rehetra azoko. »

Fa ilay mpamory hetra nijanona tery aoriana tery tao an-tempoly, ary tsy nahasahy nampitraka ny masony any amin'ny lanitra raha nivavaka tamin'ny alahelo izy hoe: « Andriamanitra ô, mba mamindrà fo amiko mpanota tsy mendrika. »

Lazaiko aminareo fa ilay mpamory hetra, izay nahafantatra fa nila ny famindrampon'Andriamanitra, dia maivana ny fony niverina tany an-tranony, afaka tamin'ny ahiahy ary voavela heloka. Fa ireo izay manandratra ny tenany ao anatin'ny avonavony dia hampietrena, fa ireo izay manetry tena kosa dia hisandratra ambonin'ny fanahian'izao tontolo izao, ho amin'ny toerana ahazahoany fitahiana sy voninahitra.

Avelao hanatona Ahy na dia ny ankizy kely aza, aza tazoninareo izy. Fa ny fanjakan'ny lanitra dia an'ny fo matoky tahaka ny azy; fa raha tsy manana finoana tahaka ny an'ny zazakely hianareo dia tsy hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra mihitsy. [3]

Raha misy olona mifidy ny hanao ny sitrapon'Andriamanitra, ho fantany mora foana raha avy amin'Andriamanitra ny fampianarako, na raha mitory ny hevitro fotsiny Aho. Tsy avy Amiko ny fampianarako fa avy amin'Ilay naniraka Ahy. [4]

Mivavaka ao anatin'ny fahajambana izao tontolo izao. Farafaharatsiny amin'ny maha Jiosy antsika, fantatsika izay ivavahantsika; ary koa ny famonjen'izao tontolo izao dia nipoitra avy amintsika. Minoa Ahy: ho avy ny fotoana, ary efa tonga sahady izany, izay tsy hihazakazahan'ny olona te-hivavaka amin'Andriamanitra ho aty na ho ary, hitady ny toerana izay heverina misy an'Andriamanitra, milaza hoe: « Aty Izy! Eto no tokony hivavaka isika. »

Ny mpino marina dia hivavaka amin'Andriamanitra amin'ny fanahy sy ny fahamarinana. Mitady ireo izay manolotra izany karazana fanatitra izany amin'ny vavaka sy ny fiderana Andriamanitra Ray. Raha toa hianareo hijanona hangina dia ny vato mihitsy no hiantsoantso. [5]

Efa novakianareo angamba fa raha noana ny Mpanjaka Davida sy ireo miaramilany, niditra tao an-tempoly izy ireo ka nihinana ny mofo masina natokana ho an’ny mpisorona, zavatra izay noràran’ny lalàn’ny fivavahana.

Raha toa hianareo mpianatra momban’ny lalàn’ny Hebreo, dia ho fantatrareo fa manitsaka ny Sabata ny mpisorona izay miasa ao amin’ny tempoly amin’ny andro Sabata, kanefa tsy manan-tsiny no fiheverana azy amin’izany . Lazaiko aminareo fa misy zavatra manan-danja lavitra noho ny lalàn’ny tempoly. Raha azonareo ny dikan’ilay soratra masina hoe: « Famindrampo no sitrako fa tsy fanatitra alatsa-drà », dia nitsahatra tsy nanameloka ny tsy manan-tsiny hianareo . Fa ny Zanak’olona dia Tompon’ ny andro, na ny Sabata koa aza.

Andao anie atao hoe latsaka ao anaty hady amin’ny andro Sabata ny biby anankiray izay ompinareo, moa tsy hanao izay azo atao rehetra ve hianareo hisintona azy avy ao? Tsy mihoatra lavitra noho izany ve ny vidin’ny ainareo? Mandeha ho azy aminareo ny fanaovana fotoana lavabe amin’ny Sabata ary ny fanarahana litorjia amin’ny fomba fivavahana, koa nahoana aza no manakiana Ahy hianareo raha manasitrana amin’ny andron’nyTompo Aho. Rahoviana vao hitsahatra tsy hitsara amin’ny fijery ivelany fotsiny hianareo ka hanomboka hanao fitsarana marina? Natao ho anareo ny Sabata. Fa tsy hianareo no natao ho an’ny Sabata. [6]

Tonga amin’izao tontolo izao Aho mba hahiratra ny jamba, ary mba hahatonga ireo mirehareha ny amin’ny fahiratany ho tonga saina fa tahaka ny inona marina anie ny fahajamban’ izy ireo.[7]

PAGE 51

NY FITAHIANA

Sambatra izay mandre ny tenin’Andriamanitra ka manaraka azy. [1]

Raha manao izany hianareo dia ho tahaka ilay mpanompo izay hita fa nanao ny tsara rehefa tonga ny tompony.[2]

Sambatra hianareo izay mametraka ny fitokisanareo rehetra amin’Andriamanitra, fa anareo ny fanjakan’ny lanitra.

Sambatra hianareo izay zatra amin’ny alahelo, fa homena fampiononona sy faherezana hianareo.

Sambatra hianareo izay manana ny fanetren-tena hiaiky izay zavatra ilainareo manokana, fa ho anareo ny tany rehetra.

Sambatra hianareo izay noana sy mangetaheta ny fahamarinana, fa ho afa-po sy ho vokisana hianareo.

Sambatra hianareo izay mpamindrafo, fa hahazo famindrampo hianareo ho valin’izany.

Sambatra hianareo izay madio am-po, fa hahita an’Andriamanitra hianareo.

Sambatra hianareo izay mpampihavana, fa hantsoina hoe zanak’Andriamanitra hianareo.

Sambatra hianareo izay mikatsaka famonjena, fa ho tonga mponin’ny fanjakan’Andriamanitra hianareo.

Sambatra hianareo raha mijaly noho ny soketa sy ny fitenenan-dratsy ataon'ny olona anareo noho ny fanaovana ny sitrapoko. Mifalia, ary mibitaha amin'ny fifaliana, fa lehibe ny valisoanareo any an-danitra. Fa tahaka izany koa no nanenjehany ireo mpilaza ny marina malaza tamin'ny andro taloha. [3]

Vao maika sambatra kokoa aza hianareo izay mino nefa tsy nahita Ahy, ary mitana ny finoanareo Ahy; sambatra ny masonareo fa mahita marina tokoa sy ny sofinareo fa mahare marina tokoa. [4]

Manatona, hianareo rehetra izay notahian'ny Ray, mandovà ny fanjakana izay namboarina ho anareo hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao. [5]

PAGE 53

NY HERIN'NY VAVAKA

Hatramin'izao mbola tsy nangataka na inona na inona amin'ny anarako hianareo, mangataha, dia hahazo hianareo, ka ho feno ny fifalianareo. [1]

Mankany any amin'ny tranon'ny namanao amin'ny roa ambiny folo alina hianao, ary milaza izao: « Ampindramo mofo telo aho. Manam-bahiny aho, nandeha avy lavitra izy mba hamangy ahy, nefa tsy misy na inona na inona intsony ny fitehirizan-tsakafo ao aminay. »

Ary izao no valiny ho azonao: « Aza manelingelin'ahy amin'izao fotoana izao, azafady. Mihidy lakile ny varavarana, ary matory ny zanako. Tsy afaka mitsangana hanampy anao aho. » Lazaiko aminao, na dia tsy hitsangana aza izany namanao izany hanome mofo anao noho ny fisakaizanareo, dia farany izy hanaiky noho ny hamafisan'ny kirinao ka hitsangana hanome anao izay mofo rehetra ilainao.

Koa tohizo foana: mangataha, dia homena hianareo. Mitadiava dia hahita hianareo. Dondony dia ho vohaina varavarana hianareo. Fa izay rehetra mangataka dia hahazo, ireo izay mitady dia hahita, ary ho an'ireo izay mandondona, hovohaina midanadana ny varavarana. [2]

Tany amin'ny tanàna iray izay, nisy mpitsara mafy fo nipetraka, izay sady tsy natahotra an'Andriamanitra no tsy niraharaha ny mpifanolo-bodirindrina taminy. Nisy vehivavy mpitondra-tena izay nipetraka tamin'io tanàna io koa, ary tsy nitsahatra ny nandaha-teny taminy mba hahazaoany ny rariny mikasika ny olona iray izay nampahory azy. Nodian'ilay mpitsara tsy fantatra izy nandritra ny fotoana lava, ary nandà ny hihaino ny fitarainany izy. Farany anefa hoy izy tamin'ny tenany ihany:

« Na dia tsy matahotra an'Andriamanitra aza aho, ary tsy misy hiraharahiako ny amin'izay fiantrana, ataoko izay hahazoan'ity mpitondran-tena ity ny rariny; satria mandreraka ahy izy amin'ny fitarainany tsy misy farany. »

Moa tsy hanome ny rariny ho an'ny olom-boafidiny, izay mitaraindraina Aminy andro aman'alina ve Andriamanitra? Hianao ve dia mieritreritra fa hanosika azy ireo Izy? Lazaiko aminareo: ataony izay hahazoan'izy ireo rariny, ary haingana! Kanefa izao no tena fanontaniana mipetraka ao anatin'ity tantara ity: « Rehefa miverina Aho, ilay Mesia, mba hahita olona maro eto ambonin'ny tany manana faharetana amin'ny finoana tahak'izany ve Aho? [3]

Tsy miteny Aho akory fa tokony avelanareo ho latsaka anatin'ny lasitry ny fiverimberenana tsy misy dikany ny vavakareo. Izany no fivavakin'ny jentilisa, mieritreritra izy fa ho heno noho ny habetsaky ny vavaka ataony. Tsy tokony haka tahaka azy hianareo. Tsarovy fa fantatry ny Rainareo izay any an-danitra izay ilainareo na dia mbola tsy mangataka aza hianareo. [4]

Nosoratan’i Isaia mpaminany hoe: « Fa ny Tranoko hatao hoe trano fivavahana ho an’ny firenena rehetra. »[5]

Mivavaha ary amin’ny Ray, izay mihaino ny vavaka farany izay mangingina indrindra ataonareo manokana ka hamalisoa izany am-pahibemaso; ary na inona na inona angatahinareo amin’ny Ray amin’ny anarako, hanome izany Izy. Raha ao Amiko no iainanareo ny fiainanareo, ka avelanareo hitoetra ao am-ponareo ny Teniko, angataho izay irinareo, fa homena anareo izany. [6]

Sahala amin'izao atao rehefa mivavaka: Rainay izay any an-danitra, aoka heken’ny tany rehetra fa Hianao irery no Andriamanitra masina.

Aoka ho tonga hitoetra aty aminay ny fanjakanao, ary hatao ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.

Omeo anay ny mofo amin’ity andro ity mba hanohana anay, ary mamelà ny helokay, tahaka ny amelanay ireo izay nanao heloka taminay.

Arovy amin’ny fandehanana any amin’ny fakam-panahy izahay, ary afaho amin’ilay ratsy.

Fa Anao ny hery, sy ny voninahitra rehetra, mandrakizay. Ho tanteraka anie izany. [7]

PAGE 55

NY HARENA ANY AN-DANITRA

Iaino ny fiainanareo amin’ny fanaovana amin’ny hafa izay mba tianareo hataony aminareo.[1]

Indray andro izay nisy lehilahy mpanan-karena iray izay niakanjo volomparasy sy lamba rongony madinika tsara tarehy ary miaina ao anatin’ny fiohampampana.

Tamin’io tanàna io ihany nisy lehilahy tsy nanan-trano antsoina hoe Lazarosy izay nipetraka teo am-bavahady izay mankany amin’ny tranon’ilay mpanan-karena. Tsy mangataka izy, fa ny sombitsombiny izay latsaka avy amin’ny latabatr’ilay mpanan-karena ihany. Ny alika eny an-dalam-be ihany no mba namany, ary ireo no mijerijery azy.

Farany maty Lazarosy indray andro izay ary nentin’ny anjely eny an-tsandrin’i Abrahama. Tsy ela taorian’izay maty koa ilay mpanan-karena ary nalevina.

Nanopy ny masony feno fijaliana hiakatra izy raha tao anaty afo be , ary nahita an’i Abrahama tery lavitra tery, sy Lazarosy eo an-tsandriny. Niantsoantso mafy tamin’ny heriny rehetra izy hoe: “ Abrahama ô, mamindra fo amiko,mba iraho ilay mpangataka Lazarosy. Asaivo hatsobony anaty rano ny lohan’ny fanondrony mba hampangatsiahahiny ny lelako, fa tena mijaly mafy aho ato anatin’ireto lelafo ireto.”

Namaly azy i Abrahama hoe: « Tsarovy anaka, nanana ny zava-tsoa rehetra hianao tamin’ny androm-piainanao, Lazarosy anefa tsy mba nahalala afa-tsy fahoriana. Ankoatr’izay misy hantsana be mampisaraka antsika, mba tsy hahafahan’izay aty am-pita aty mankany aminareo ary tsy hahafahanareo koa miampita avy any mankaty aminay. »

Nony nandre izany ilay mpanan-karena dia nitomany: « Mba mitalaho ary aho ny handefasanao an'i Lazarosy ho any an-tranon-draiko. Manana rahalahy dimy aho ka tsy maintsy ilazany mialoha izy ireo, mba tsy amin'ity afo be ity koa no hiafarany. »

Izao no navalin'i Abrahama an'izany: « Manana an'i Mosesy sy ny mpaminany izy. Aoka izy hihaino an'ireo. »

"Fa izao anie e," hoy ilay mpanan-karena mandahatra, "tena azo antoka fa hibebaka izy ireo raha misy olona iray avy amin'ny maty mankany aminy. »

Hoy Abrahama namaly: « Raha tsy mibebaka noho ny tenin'i Mosesy sy ny mpaminany izy dia tsy ho resy lahatra na dia hisy olona hitsangana amin'ny maty hampitandrina azy aza. » [2]

Tsy fahalalahan-tànana akory ny manome ho an'ireo izay afaka mamerina mora foana ny volanao. Na dia ny mahihitra aza hampindram-bola raha toa azony antoka fa ho voaverina daholo izany. Raha amiko dia izao: omeo ilay olona manatona anao fa tena misy maha tery azy, nefa tsy afaka hamerina ny volanao; ary aoka hianao hamindra fo, na dia misoloky anao aza izany olona izany. [3]

Rehefa ny mahantra no manome dia manao lavitra noho ny mpanome manan-karena rehetra mitambatra izay manome izy satria manam-be. Fa ny mahantra dia manome avy amin'izay tena ilainy ary avy amin'ny fitiavana mazàna no anomezany izay tsy azony nampirimina.[4]

Ahoana ny hahasarotry ny fidiran'ny tia vola ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra! Moramora kokoa ho an'ny rameva ny misisika ao amin'ny vody fanjaitra, noho ny hidiran'ny mpanan-karena ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra. Kanefa, izay zavatra tsy hain'olombelona atao dia mihoatra noho ny azo atao raha amin'Andriamanitra. [5]

Aza manangona harena ety ambonin'ny tany izay misy koroka sy harafesina manimba, ary izay misy jiolahy mamaky trano sy mangalatra. Fa angony any an-danitra ny harenanareo, izay tsy misy koroka na harafesina manimba azy ary tsy misy atahorana fa hisy mpangalatra na fihenan'ny sandambidiny. Fa izay misy ny harenareo dia ho any koa ny fonareo.[6]

Misy ny sasany tsy manao ny tsara raha tsy azony antoka fa ankasitrahan'ny olona mijery azy izy. Tsy mba hahazo valisoa avy amin'ny Rainareo izay any an-danitra izy ireny. Rehefa manome hianareo aza mba tahaka ny mpihatsaravelatsihy izay mampaneno lakolosy ao an-tempoly sy eny amin'ny arabe. Efa nahazo ny valisoany ny olona tahaka ireny.[7]

Aza avela ho fantatry ny tànanao havia akory izay ataon'ny tànanao ankavanana. Manomeza mangina ary any amin'ny miafina; fa hamalisoa anao eo imason'ny olona rehetra ny Rainao izay any an-danitra izay mahita ny zavatra tahak'izany.[8]

Mianara manome fa haverina be dia be aminareo mihoatra noho izay heverinareo izany, hampitomboina ary hitobaka be. Ary izay fatra hizaranareo amin'ny fahalalahan-tànanareo ihany no hahazoanareo ho famarana ny valisoa azonareo ho valiny.[9]

Indray andro izay niodina ny petra-bola nataon'ny lehilahy mpaman-karena iray ka niverina lasa nahazohany tombony be . Raha nieritreritra ny hareny izy dia hoy izy tao an-tsainy: « Inona re no hataoko amin'ireo tombony azoko e? ». Ary tonga tamin'izao fanapahan-kevitra izao izy: « Ho ravàko ireo tranoko efa antitra ireo dia hanorina lehibe noho ireo aho; dia hampirimiko ao daholo ny harenako rehetra ary holaniko ao ny tombony azoko. Ho afa-po aho no sady hanana harena izay haharitra taona maro. Holaniko amin'izay hazahoako aina ny androko, hihinana aho, hisotro ary hifaly. »

Fa hoy Andriamanitra taminy: « Ry adala! Tsy fantatrao angaha fa ho takina aminao anio alina ny fanahinao! Rehefa lasa hianao, ho an'iza ireo zavatra rehetra ireo?. »

Sahala amin' izany no hanjo an'ireo izay mitahiry harena ho an'ny tenany, fa tsy manan-karena amin'ny zavatra izay an'Andriamanitra. Inona moa ny tombotsoa raha mahazo izay rehetra azon' izao tontolo izao atolotra anao hianao, raha amin'ny fanaovanao izany no hahaverezanao ny fanahinao? Ary inona no homenao ho takalon'ny fanahinao, na ny toeranao any amin'ny fanjakana?. [10]

PAGE 59 FINOANA MAHAFINDRA TENDROMBOHITRA

Arakarak' izay finoanao, no ho raisinao koa.[1]

Maro no ho tonga amin'ny andro farany avy amin'ny vazan-tany rehetra, ary hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra. Fa ny mpanamarin-tena sy ny mpivavaka, izay nieritreritra fa izy no ho voalohany, nefa niaina tamin'ny fiainana tsy misy finoana, dia tsy ho tafiditra ao. [2]

Raha misy roa mifanaiky ety an-tany, amin'ny finoana, na amin'inona na amin'inona izany dia ho tanterahin'ny Raiko izay any an-danitra ny fangatahany. Fa na aiza na aiza no misy roa na telo mivory amin'ny anarako, dia miaraka aminy Aho. [3]

Hanaraka anareo izay mino ireto famantarana ireto: Handroaka demonia amin'ny anarako hianareo ary hiteny amin'ny fiteny vaovao. Tsy haninona anareo ny bibilava na ny zavatra mahafaty. Hametra-tànana amin'ny marary hianareo ary ho sitrana izy.[4]

Raha mitafy finoana kely tahaka ny voatsinampy hianareo dia hiteny amin'ny tendrombohitra hoe: "Mikisaha ary mianjera any amin'ny ranomasina."

Raha mino hianareo fa azo atao izany sady tsy manisy toerana ho an'ny fisalasalana, dia ho tanteraka izay angatahinareo sy izay baikonareo. Izany no hitenenako aminareo hoe: na inona na inona irinareo, rehefa mivavaka hianareo minoa fa ho azonareo izany, ary dia ho azonareo.[5]

Amin'ny fitarihin'ny Fanahy Masina anareo, ny zavatra toherinareo ety an-tany dia hatrehin'ny hery any an-danitra: ary na inona na inona avelanareo ety an-tany dia ho tanteraka anie izany araka ny planin'Andriamanitra any an-danitra.[6]

Aza matahotra intsony fa minoa. Ny zavatra rehetra dia hain'ny mino atao.[7]

PAGE 61 FAHARETANA, FAMINDRAM-PO ARY FAMELAN-KELOKA

Rehefa kely ny heloka navela dia kely koa ny fitiavana havaly.[1]

Misy lehilahy iray izay nandinika ny kaontim-bolan'ny olom-pantany anankiroa izay nindrana vola taminy. Ny iray nanànany farantsa volamena diman-jato, ary ny iray kosa dimam-polo. Satria fantany fa samy tsy manana hamerenana izy roa lahy ireo,dia nangoraka izy ka namela ny trosan'izy roa lahy. Iza amin'ireo lehilahy roa ireo no heverinareo fa nampiseho fankasitrahana azy be indrindra?[2]

Sahala amin'izany koa, tonga ny fotoana handinihan'ny mpanjaka iray ny tatitra nomena azy sy ny kaontim-bolany.Teo am-panaovana izany izy no nentina teo anatrehany ny iray amin'ireo mpanompony izay nanànany vola tsy toko tsy forohana mitentina farantsa volamena iray alina!

Satria tsy afaka ny hanefa trosa toy izany ilay mpanompo, dia nijery ny lalàna ilay mpanjaka: voalaza fa ny olona ananana vola sy ny ankohonany dia hamidy ho andevo, ary ny tranony sy ny fananany dia ho raisina atao lavanty amin'ny olona rehetra.

Nandohalika tamin'ny alahelo teo anatrehan'ny mpanjaka ilay mpanompo sady nitomany hoe: "Tompoko sy Mpanjakako ô, miangavy anao aho mba hanana faharetana amiko, fa aloako aminao izy rehetra."

Tohina mafy ilay mpanjaka ka namela ilay trosa, ary navelany nandeha malalaka ilay mpanompo.

Teny an-dàlana mody, nifanena tamin'ny namany izay nanànany vola madinika vitsivitsy ilay mpanompo teo. Tsy mba nampiseho famindram-po izy kanefa fa noraisiny tamin'ny vozony ilay namany sady nanomboka nitrerona izy hoe: "Avereno ny vola nindramaminao tamiko."

Niantoraka teo an-tongony ilay namany sady nitalaho hoe: "Azafady indrindra anie mba mahareta amiko fa aloako daholo na hatramin'ny iraim-bilanja aza."

Fa angaha nihaino izany ilay mpanompo, fa nasainy natsipy tany an-trano maizina ilay rangahy mandra-pandoany ny trosany rehetra araky ny lalàna.

Sendra nahita ny zavatra nitranga teo ny sasany amin'ny mpanompon'ny mpanjaka ka nitatitra izany tany amin'ny rova.

Naniraka niantso an'ilay mpanompo ny mpanjaka ary nilaza taminy hoe: " Hianao ity dia mpanompo ratsy fanahy. Navelako ny trosa tsy voaloanao satria izany no nangatahinao tamiko. Tsy mba afaka namindra fo tamin'ilay namanao izay nanànanao vola tsy misy dikany sahala amin'izany ve hianao?"

Rehefa nilaza izany izy dia natolotr'ilay mpanjaka tamin'ny mpiandry trano maizina ilay mpanompo ary nomeny baiko ireo mba hanidy azy mandra-pandoany ny trosany rehetra.

Sahala amin'izany no hitsaran'ny Ray any an-danitra anareo, raha mandà ny hamela ny heloky ny rahalahinareo sy ny anabavinareo avy amin'ny halalin'ny fonareo hianareo.[3]

Aoka hianareo tsy ho vonona ny hamela impito ihany, fa impito amby fito-polo. Mihavàna na dia amin'ny fahavalonareo aza. Tsy hitondra anareo afa tsy amin'ny fasahiranana lehibe kokoa ny fiadiana lava: fitorina, fitsarana, ary angamba fandehanana any an-trano maizina, ary tsy misy làlana amahana ilay fanamelohana afa tsy amin'ny fanefana ny sazinareo.[4]

Tadidinareo ve ilay fitenenana hoe: Maso solon'ny maso, ary nify solon'ny nify? Ny mifanohitra amin'izany no lazaiko. Raha misy mamely tehamaina anareo amin'ny takolakareo ankavanana, atolory azy koa ny ankavia; na raha misy mitory anareo ka maka ny palitaonareo, atolory ho azy koa ilay lobaka eny an-koditrareo. Raha misy olona mampandeha anareo maily iray, maneke handeha roa. Manomeza maimaim-poana ho an'ireo izay mangataka aminareo, ary aza mba mody marenina mihitsy amin'izay manatona anareo ao anaty fasahiranany.[5]

Rehefa mitsangana eo amin'ny fitoerana fanaovana vavaka fitsaohana hianareo, ataovy amin'ny fo feno famelan-keloka izany, tahaka ny nanoloran'ny Ray any an-danitra famelan-keloka ho anareo. Ary raha hitondra fanatitra amin'ny toerana fivavahana hianareo, ka eo hianareo vao mahatsiaro fa nisy fifandirana tsy voalamina taminareo sy ilay olona iray, avelao eo amin'ny alitara ny fanatitrareo. Mandehana aloha mihavana amin'izany olona izany, avy eo miverena ary atolory ny fanatitrareo. Raha misy rahalahy manisy ratsy anareo, mandehana miresaka aminy momba izany mangingina. Raha mihaino anao izy dia nahazo namana hianareo.[6]

Tadiavo ny famelan-keloka amin'ny heloka nataon'ny olona taminareo fa hitobaka amin'ny fiainanareo ny famindrampo sy ny fahasoavana.[7]

PAGE 65

Amin'ny voa izay mitombo amin'ny fiainany no halalanareo ny olona.[1]

Hianareo no siran'ny tany. Kanefa raha ny sira no nanary ny fahafahany hanadio, hanome tsiro sy hitahiry, ahoana no anaovana azy sira indray? Tsy misy ilaina azy, afa -tsy ny hariana sy hitsahana ambany faladia.

Hianareo ve mioty voaloboka amin'ny tsilo, na voan'aviavy amin'ny songosongo? Tsy afaka mamoa voa tsy salama ny hazo salama tsara iray; ary ny hazo lo koa tsy afaka mamoa voa salama. Sahala amin'izany koa ny hazo tsara rehetra dia mamokatra voa tsara, ary ny hazo lo rehetra mamokatra voa lo. Ny hazo rehetra izay mamoa voa lo dia tapahina ary ampiasaina hanaovana hazo ampirehetana afo.

Amin'ny voa eo amin' ny fiainan'ny olona, no hafantaranareo ny karazam-piainana nofidiny hiainana.[2]

Indray mandeha izay, nisy olona namboly aviavy tao anatin'ny tanim-boalobony. Niandry izy nandritry ny telo taona ny hamoazan'izany kanjo tsy nisy. Farany izao no nolazainy tamin' ilay lehibe mpikarakara ny sahany: "Telo taona aho izao no tonga teto, isan-taona manantena hahita voa amin'ity aviavy ity; kanefa mbola tsy mamoa foana izy. Nahoana ary izy io no tokony hibahana be eo amin'ny taniko? Tapaho any io."

Fa namaly ilay mpikarakara ny saha hoe: "Avelao taona iray indray izy, mandra-pahafahako mihady manodidina azy sy manisy zezika azy bebe kokoa. Angamba izy hamoa amin'izay; raha tsy izany, dia marina ny anao ny amin'ny hikapana azy."[3]

Rehefa mamoa voa ny fiainanareo dia omen-boninahitra ny Ray, ary tena mpianatro hianareo. Satria ny olona tsara dia mamoaka ny tsara avy amin'ny tsara izay voatahiry ao anatiny; fa ny olona ratsy kosa, avy amin'ny ratsy ao anatiny no amoahany fiainana poak' aty sady tsy misy voany.[4]

Nisy mpamboly iray izay nankany an-tsaha hamafy. Raha namafy izy, latsaka tamin'ny sisin-dàlana ny voa sasany; tonga nitangorona teo ny vorona ka nohaniny ilay izy. Nianjera tamin'ny toerana be karaobato izay tsy misy tany loatra ny sasany amin'ilay voa. Naniry haingana teo amin'ilay tany marivo izy; kanefa, satria tsy lalim-paka, dia nodoran'ny masoandro ka maina. Nianjera tany amin'ny lobolobo tsilo ny sasany amin'ilay voa; naniry ny tsilo ka nanempotra azy.

Fa nianjera tamin'ny tany tsara kosa ny sasany amin'ilay voa, ary nanonitra ny voa very ireo, namokatra vokatra tsara; ny sasany nitombo zato heny, ny sasany enim-polo, ary ny sasany telo-polo.

Rehefa mandre ny tenin'ny fanjakana ny olona iray ka tsy mahazo azy , dia tonga ny fahavalo ka mangalatra ny voa izay nambolena tao anatin'ny fony. Izay ny amin'ilay voa latsaka teny amin'ny sisin'ny arabe.

Ny voa izay naparitaka teny amin'ny tany misy karaobato indray, dia manambara ireo izay mandre ny tenin'Andriamanitra, ary liana mandray azy, kanefa tsy misy fakany amin'ny fandresehan-dahatra ao anaty. Maharitra fotoana kely ny iainany ilay teny; fa rehefa tonga ny korontana na ny fanenjehana vokatry ny fanapahany hevitra hanaraka ny tenin'ny fahamarinana, manjary ketraka izy ka mitsoaka.

Ny voa izay nafafy tamin'ny tsilo dia milaza ireo izay nandre ny teny, kanefa mamela ny ahiahin'ity izao tontolo izao ity sy ny fitaky ny harena hitambesatra aminy. Voatototra ny teny ka manjary tsy mamoa vokatra ny
fiainany.

Ny voa izay nafafy amin'ny tany tsara dia milaza ireo izay mandre ny teny ary mahazo ny hafatra omeny. Hamokatra vokatra be arak'ilay izy ny fiainany: zato, enim-polo, na telo-polo heny ilay tsara nambolena.[5]

PAGE 67

FAHASALAMANA ARY FANASITRANANA HO AN'NY VATANA SY NY FANAHY

Ireo izay salama tsy mila dokotera; fa ireo izay marary no mila.[1]

Tokony ho azonareo izao: famindrampo no iriko, fa tsy fanatitra. Fa tsy tonga hiantso ny marina Aho, fa ny mpanota ho amin'ny fibebahana. Tsy tokony afahana ve ny marary amin'ny vatany izay nafatotry ny devoly?[2]

Mora kokoa ve ny milaza hoe: "Voavela ny helokao," sa, " Mitsangàna ary aoka hianao ho sitrana"?

Mha hahalalanareo, tsy misy aloky ny fisalasalana akory amin'izany, fa ny Zanak'Olona manana fahefana ety an-tany hamela heloka, hoy Izaho amin'ilay marary hoe: "Mitsangana! Mahereza; voavela ny helokao. Mandehana tohizo ny lalànao; tahaka ny ninoanao no ho raisinao. Ny finoanao no nahasitrana anao![4]

Mpiandry ondry iza no manana ondry zato ka very ny iray, no tsy handao ny sivy amby sivy folo miraoka ahitra tsy manana ahiahy, ary handeha hitady ilay iray izay very? Rehefa hitany ilay ondry very, tsy hasampiny eo an-tsorony ve izany, ny fony feno fifaliana? Amin'ny lalàna mody hiantso ny namany sy ny mpifanolo-body rindrina aminy izy hilaza hoe: "Mifalia miaraka amiko. Efa hitako ilay ondriko very."

Lazaiko anareo izany tantara izany: misy fifaliana lehibe kokoa any an-danitra ny amin'ny olona iray izay mibebaka, noho ny amin'ny olona sivy amby sivy folo izay tsy mila fibebahana.[4]

Iza aminareo, raha manana farantsa volafotsy folo ka very ny iray, no tsy mampirehitra labozia, ka mitandrina tsara mamafa trano mitady azy mandra-pahitany azy?

Rehefa farany hitanao izy, dia antsoinao ny namanao sy mpifanolo-body rindrina hiaraka, sady izao no holazainao: Mifalia miaraka amiko; fa efa hitako ilay farantsa very.

Sahala amin'izany koa, lazaiko aminareo, misy fifaliana lehibe eo anatrehan'ny anjelin'Andriamanitra ny amin'ny mpanota, na dia iray ihany aza mibebaka.[5]

PAGE 69

FIZARANA FAHEFATRA

ILAY FIANTSOANA HO AMIN'NY FIAINAM-BAOVAO

PAGE 71

ILAY FIANTSOANA

Tsy hianareo no nifidy Ahy. Izaho no nifidy anareo ka nanendry anareo mba handeha sy hitondra voa tsara ao amin'ny fiainanareo, voa izay haharitra.[1]

Nisy lehilahy iray izay nanan-janaka lahy roa. Hoy izy tamin'ilay zokiny: " Mandehana anaka miasa any amin'ny tanim-boaloboko anio."

"Tsy handeha aho," hoy ilay zanany; kanjo taty aoriana dia nisy fiovam-po teo aminy, ary nandeha niasa tany an-tsaha izy.

Avy teo niteny tamin'ilay zanany faralahy ny rainy: "Hianao koa mandehana any an-tsaha."

Tonga dia namaly izy hoe: "Handeha aho." Nefa nijanona tao an-trano izy, ary tsy noraharahahiany ny baikon'ny rainy.

Iza amin'ireo zanaka roa ireo no nahatanteraka ny baikon'ny rainy?

Nahoana no hataonareo hoe tsara Aho, raha tsy mino hianareo fa izaho no Andrimanitra? Fantatrareo ny didy: Aza mijangajanga; Aza mamono olona; Aza mangalatra; Aza mijoro vavolombelona mandainga; Hajao ny rainao sy ny reninao. Ataovy izany, dia hahazo harena any an-danitra hianareo. Kanefa ity no mampianjera anareo dia ny fanajana Ahy amin'ny teninareo fotsiny ihany, fa tsy amin'ny fampiasana ny zava-drehetra – dia ny harenanareo sy ny fanànanareo, ary ny fiainanareo – mba hanampiana ireo izay sahirana.[2]

Raha maniry ny hanaraka Ahy hianareo, dia tsy maintsy avelanareo ny filànareo sy ny fomba fiainanareo feno fitiavan-tena. Afoizo izany ary manaraha Ahy. Fa ireo izay maniry hanana fiainana mandrakizay dia tsy maintsy mamela ny fiainany taloha. Izay rehetra manao izany ho Ahy no hahita fiainam-baovao – sady ety an-tany no any an-danitra.[3]

Indray mandeha izay, nisy mpanjaka nikarakara fanasana ho an'ny fanambadian'ny zanany, ilay zanak'andriana. Rehefa vonona daholo ny zavatra rehetra, naniraka ireo mpanompony ho any amin'ny faritany ivelan'ny fanjakany izy mba hampiantso ireo izay nasaina ho amin'ilay fanasana, kanefa nandà ny ho avy ireo vahiny.

Naniraka ny mpanompony ary ilay mpanjaka nilaza hoe: "Lazao amin'ireo izay nasaina amin'ilay fanasana, fa nanomana sakafo lehibe aho. Novonoina ny ombiko sy ny zanak'ombiko tsara indrindra, ary efa vonona daholo ny zavatra rehetra. Tongava amin'ilay fanambadiana."

Kanefa nohamaivanin'ny vahoaka koa ity fanasana ity, ary niverina tany amin'ny asany ry zareo, ny sasany any amin'ny sahany, ny sasany hafa any amin'ny raharahany any amin'ny tanàn-dehibe. Nosamborin'ireo izay nitaredretra taty aoriana ny mpanompon'ny mpanjaka ka novonoiny ho faty.

Nisafaoka noho ny hatezerana ilay mpanjaka rehefa nahare ny zavatra nitranga. Naniraka miaramila avy amin'ny lapany izy. Azon'izy ireo ilay mpamono olona, novonoiny ary nodorany ho fongotra ny tranony.

Hoy izy avy eo tamin'ny mpanompony: "Vonona ny fanambadiana, fa tsy mendrika ny hanatrika izany ireo izay nasaina. Mandehana ary, any amin'ireo olona izay hitanareo eny an-tsisin-dàlana sy eny amin'ny làlana ivelan'ny tanàna, ary asao izy ho tonga amin'ny fanasana amin'ny fampakaram-bady."

Lasa nankany amin'ny sisin-dalan'ny tanàna àry ny mpanompon'ilay mpanjaka, ary avy eo teny ivelany nanaraka ny làlana lehibe, ary nanasa izay rehetra nifanena taminy, na ny tsara na ny ratsy; ary dia fenon'ireo vahiny ireo ny efitrano malalaka hanaovana ilay fanasana amin'ny fampakaram-bady."

Niditra ny mpanjaka ny harivan'iny mba hijery ny vahininy. Tafintohina izy nahita olona iray mihinana eo amin'ny latabatra nefa tsy nanao ilay akanjo fitondra amin'ny fampakaram-bady izay efa nomena. Nanontany izy hoe: "Nahoana hianao no tonga amin'ity fety ity nefa hianao tsy manao ny akanjo fitondra amin'ny fampakaram-bady?" Fa tsy nahita havaly ilay lehilahy.

Hoy ilay mpanjaka avy eo tamin'ny mpanompony: "Afatory io lehilahy io ary esory eo izy."

Hampiako an'izao: maro no nantsoina- ho any amin'ny fanjakana – fa vitsy no voafidy. Efa tonga ny fotoana. Efa vonona ny fanjakan'Andriamanitra. Niantso anareo hiala amin'ny fomba fiainan'izao tontolo izao Aho. Mibebaha, anaovy ny akanjon'ny famonjena, ary minoa an'ity vaovao mahafaly ity.[4]

Tsy misy olona afaka mankaty Amiko, raha tsy ny Ray izay naniraka Ahy no nisintona azy; ary hanangana izany olona izany Aho amin'ny andro farany. Hianareo rehetra izay nomen'ny Ray Ahy dia hanatona Ahy: ary na iza na iza manatona Ahy, dia tsy ho laviko mihitsy, na oviana na oviana.[5]

Satria efa nolazaiko anareo ny zavatra toy izany, mino ve hianareo? Marina tokoa, mbola hahita zavatra lehibe lavitra noho ireny hianareo.[6]

Noho izany midira ary amin'ilay vavahady tery; fa malalaka ny làlana, midadasika ny arabe mitondra any amin'ny fandringanana, ary be dia be ny mandeha amin'iny làlana iny; fa tery ny vavahady sy ny làlana izay mitondra any amin'ny fiainana, ary vitsy no mahita azy . Miezaha handeha any amin'ny vavahady izay mitondra any amin'ny fiainana. Indray andro, any, be ny olona te-hiova làlana tampoka ho any amin'ny làlana marina, kanefa ho tara loatra.[7]

PAGE 75

NY AMIN'NY FAHATERAHANA FANINDROANY INDRAY

Aza gaga raha miteny Aho fa tsy maintsy hateraka indray hianareo.[1]

Marina tokoa, nilaza an'izany taminareo Aho: raha tsy ateraka indray hianareo, tsy afaka mahita ny fanjakan'Andriamanitra. Raha tsy ateraka amin'ny rano sy ny Fanahy Masina hianareo, tsy afaka hiditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra.[2]

Izay nateraka tamin'ny nofo dia nofo, ary izay nateraka tamin'ny Fanahy dia fanahy. Mitsoka eny amin'izay tiany hitsofana ny rivotra, ary henotsika ny feo ataony; fa tsy haintsika ny milaza avy aiza no nihaviany, na aiza no halehany. Ary sahala amin'izany ny amin'izay rehetra nateraky ny Fanahy.[3]

Diniho ireto ohatra ireto: Tsy misy manjaitra tapa-damba vaovao iray hanapenana akanjo tonta rovidrovitra, satria handrovitra ilay lamba tonta ilay vaovao napetaka taminy, ary vao maika hitatra ilay rovitra. Na koa, mametraka divay vaovao ao anaty barikan-divay antitra. Mety ho vaky ilay barika antitra, ho raraka ny divay vaovao, ary ho very ny fihariana. Fa izao no izy, ataovy anaty barika vaovao ny divay vaovao, amin'izay samy voatahiry izy roa.[4]

Ahoana ary ny amin'izany, manoloana ny fianarana be nataonareo no mbola tsy zatra ny tena fototry ny marina ihany hianareo? Raha niteny zavatra sahala amin'izany taminareo Aho, dia nampiasa

ohatra ety an-tany, ary tsy mbola mahazo ihany hianareo, ahoana no hahazoanareo raha hilaza aminareo momba ny zavatra any an-danitra Aho?[5]

Tsy naniraka ny Zanany ety an-tany mba hanameloka izao tontolo izao Andriamanitra; fa mba hahatonga izao tontolo izao ho voavonjy amin'ny alàlany. Na iza na iza mino Azy dia tsy ho helohina, fa izay tsy mino Azy dia efa mijoro voaheloka rahateo, satria tsy nino ny anaran'ny Zanaka Lahy Tokan'Andriamanitra.[6]

Izaho no fitsanganana amin'ny maty sy fiainana. Izay rehetra mino Ahy, na dia maty eto amin'ity tany ity aza, dia ho velona indray. Homena azy ireo ny fiainana mandrakizay ary tsy ho faty izy! Impiry impiry moa no efa nolazaiko taminareo: Raha mino hianareo dia hahita ny voninahitr'Andriamanitra.[7]

Ny nanirahana Ahy dia ny hanatanteraka ny sitrapon'Ilay naniraka Ahy, ary hanatanteraka ny asany; ary izany no sitrapon'Andriamanitra: Mha hahatonga anareo hino marina tokoa ny Mesia izay nirahin'ny Ray.

Henoy ity tantara ity: Nisy lehilahy izay nanana zanaka roalahy. Indray andro hoy ilay zandriny tamin'ny rainy: "Dada a, omeo ahy ny anjara lovako." Dia nomen'ny rainy azy ny anjarany.

Tsy ela akory tao aorian'izay, nanangona ny fananany io zanany io, ary lasa nandeha tany an-tany lavitra tany. Nolanilaniany tany ny fananany tamin'ny fiainana tsy miraharaha na inona na inona. Rehefa lany tsy nisy tavela intsony ny volany na ariary aza, dia nisy mosary nanenika ny tany. Nahantra fadiranovana izy sady tsy nanana namana.

Farany, nahita asa hikarakara kisoa izy. Tao anatin'ny famoizam-po, efa handeha hihinana ny akoran-katsaka nomena azy mba hamahanany ny kisoa iny izy, no tonga saina, ka nieritreritra hoe: "Manana mofo ho hanina mihoatra lavitra noho ny ampy izao ny mpanompon'ny dadanay ary manana sisa betsaka aza; nefa izaho ity, sakafon'ny kisoa no saika hohaniko mba tsy ho faty! Andeha hiverina any amin'ny dadanay aho, ary izao no holazaiko azy: "Dada a, efa nanota taminao sy ny lanitra aho. Tsy mendrika ny ho antsoina hoe zanakao intsony aho, fa fara-faharatsiny ataovy mba ho isan'ny mpanompo karamainao."

Nitsangana avy eo amin'ny vovoka izy, izany fikasana izany no tao an-tsainy, ary nanomboka nandeha tamin'ilay làlana lavitra niverina ho any amin'ny rainy.

Mbola tery lavitra tery izy no nahita azy ny dadany, ary nangoraka azy, ka nihazakaza mba hitsena azy sy nanoroka azy amim-pitiavana.

Nanomboka niteny ilay zanany lahy hoe: "Dada ô, efa nanota tamin'ny lanitra sy taminao aho, ka tsy mendrika ny antsoina hoe zanakao intsony."

Kanefa tsy navelan'ny rainy ho vita akory ny fiaikeny ny fahotany fa nitodika tany amin'ny mpanompony ilay rainy ka niteny hoe: "Ento aty ny akanjoko tsara indrindra, ary ampiakanjoy ny zanako. Ataovy eo amin'ny tànany ny peratro fanaovako tombo-kase, ary ampidiro amin'ny tongony ny kiraroko tsara indrindra. Ento aty ny zanak'ombintsika matavy indrindra any an-tsaha, vonoy, ary andeha isika hihinana sy hifaly. Fa efa maty ity zanako ity fa velona indray; efa very izy fa hita indray izao." Ora vitsivitsy tao aorian'izay dia nisy fety lehibe nanomboka.

Nony hariva niverina avy niasa tany an-tsaha ny zokiny; raha nanakaiky ny trano izy dia nandre hira sy dihy. Nantsoiny ny iray tamin'ireo mpanompo, ary nanontaniany hoe: "Inona ny dikan'izao korana be izao?"

Namaly ilay mpanompo hoe: "Niverina nody ny rahalahinao; ary namono ny zanak'omby matavy indrindra ny dadanareo, satria tafaverina soa aman-tsara tsy maty fo aman'aina izy."

Raha nandre izany ilay rahalahiny dia tezitra mafy, ka nandà ny hiditra ao amin'ilay fety fihinanam-be; nivoaka àry ny rainy, ary niangavy azy hiditra.

Fa izao no navaliny: “Jereo anie ireo taona maro nanompoako anao e, tsy mba nanohitra ny didinao mihitsy aho na iray aza, nefa hianao tsy mba nanao fety mihitsy mba hifaliako miaraka amin’ny namako. Izao anefa miverina ity rahalahiko mpirenireny ity, izay tsy isalasalana fa nandany ny lovany tamin’ny mpivaro-tena, dia novonoinao ny zanak’omby tsara indrindra mba hankalazana izany.”

Hoy ny rainy: “Ry zanako ô, teto amiko foana anie hianao e, ary fantatrao fa izay ananako rehetra dia anao. Marina fa manao fankalazana isika, ary manao fisaorana; satria efa maty ny rahalahinao, fa velona indray, efa very, nefa hita izao.”[9]

Raha tsy miova fo hianareo, ka tonga tahaka ny zazakely, dia tsy hiditra amin’ny fanjakan’ny lanitra. Tonga ny Zanak’Olona mba hamonjy ireo izay very: fa tsy sitrapon’ny Rainareo izay any an-danitra, ny hahavery na dia ny kely indrindra aminareo aza.[10]

Fa tena tian’Andriamanitra izao tontolo izao ka nomeny ny Zanany lahy tokana, mba tsy ho very na iza na iza mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay. Mino izany ve hianareo?”[11]

PAGE 79

MPIANATRA SY MPANOMPO

Tsy afaka manaiky tompo roa hanapaka ny fiainanareo hianareo. Na ho halanareo ny iray, ary ho tianareo ilay anankiray ; na koa hifikitra amin’ny iray hianareo, ary hanamavo ilay anankiray . Tsy afaka manompo an’Andriamanitra hianareo sady mijanona ho andevon’ireo andriamanitr’izao tontolo izao.[1]

Iza aminareo, raha mikasa hanorina tilikambo, no tsy hipetraka aloha ka hanombatombana ny vidiny, manamarina tsara fa ampy hamitana azy ny vola? Raha tsy izany dia mety ataonareo ny fototra dia avy eo tsy maintsy ajanona ilay fikasana. Mety hihomehy anareo ireo izay nanara-maso ny fandrosoanareo, ary hiteny hoe: “Nanomboka nanorina izy, kanefa izao bankiropitra.”

Tsy maintsy miara-mipetraka amin’ny mpanolo-tsaina azy momba ny ady aloha ny mpanjaka iray izay te-hiatrika ady, mba handinika raha afaka handresy ny herin’ny fahavalo izay telo alina ny miaramilany iray alina. Raha hitan’ ilay mpanolon-tsainy fa tsy afaka handresy izy, dia tsy maintsy handefa ny ambasadaorony izy hivoaka hitsena ny fahavalo, ka hiezaka hanao raharaham-pihavanana alohan’ny anombohan’ny ady ireo.

Noho izany tsy maintsy mandinika aloha ny amin’izay heverinareo ho fananan areo hianareo: dia fianakaviana, vola, fananana ety an-tany. Raha tsy manaiky hanisa ny tombany hianareo, ka hanao fanoloran-tena tanteraka, na dia amin’ireo zavatra ireo aza, dia tsy afaka tena hanaraka Ahy marina tokoa hianareo.[2]

Mamelà Ahy hampahatsiaro anareo: ny olona izay mazoto amin’ny zavatra kely dia hatokisana amin’ny zavatra lehibe; ary ny olona tsy marina amin’ny zavatra kely dia tsy marina koa amin’ny zavatra lehibe. Raha tsy azo antoka amin’ny harena ety an-tany hianareo, ahoana no hahazoana matoky anareo amin’ny harena ara-panahy? Ary raha tsy nahatoky tamin’ny fananana izay an’ny sasany hianareo, iza no hanome anareo fananana ho anareo manokana?[3]

Alefako mivoaka tahaka ny ondry eo anivon’ny amboadia hianareo: ka hendre tahaka ny bibilava, fa aoka ho morabe tahaka ny voromailala.[4]

Efa hitanareo ny fampiharan’ireo mpanjaka sy mpanapaka ety an-tany ny fahefany, sy fanaparany izany amin’ny mahantra izay eo ambany fiadidiany. Tsy marina ho anareo izay an’ny fanjakan’Andriamanitra izany. Na iza na iza aminareo te ho lehibe, dia tsy maintsy ho mpanompon’ny rehetra aloha. Na Izaho aza, ilay Mesia, tsy tonga ho tompoina, fa hanompo, ary hanome ny aiko ho avotra ho an’ny maro. Raha fantatrareo ireo zavatra ireo, dia ho sambatra hianareo raha mankato izany.[5]

Mahareta ao amin'ny fahazavan'ny teniko: dia tena ho mpianatro marina tokoa hianareo amin'izany.

Aza manao tahakan'ny olona miseho azy ho tia fivavahana, mamorona lalàna sy didy. Mirehareha amin'ny lalàna nataony izy, nefa tsy manaraka na ny iray amin'izy ireny akory aza. Mametraka enta-mavesatry ny fanarahana ny lalàna amin'ny antsipirihany eo amin'ny vozon'ireo mpanaraka azy izy, kanefa tsy nandalo ao an-tsainy mihitsy ny hanaraka lalàna toa ireny. Misahirana mafy ery izy mba ho hitan'ny olona, manao akanjo hafahafa, manao fombafomba be ery amin'ny fitondrany ny tenany; tiany ny mipetraka eny amin'ny toeran'ny manan-kaja amin'ny latabatra sy eny amin'ny fitoerana eny aloha. Tiany ny antsoina hoe hajaina sy *mpampianatra manam-pahaizana.* Kanefa tsy tokony antsoina hoe hajaina na *mpampianatra* hianareo satria tompo iray ihany no anareo, ary rahalahiny sy anabaviny daholo hianareo rehetra.

Halaviro ny miantso olona hoe *rainareo* ara-panahy; satria manana Ray iray ihany hianareo any an-danitra. Ary aza avela koa hisy olona hiantso anareo hoe *mpampianatra manam-pahaizana*; satria iray ihany no mpampianatra, dia Kristy. Ny iray izay lehibe indrindra aminareo no tsy maintsy mpanomponareo aloha; ary izay rehetra manetry tena no hasandratra.[6]

Rehefa hiverina amin'ny voninahiny ny Mesia, ka hiaraka Aminy ny anjeliny masina rehetra, hipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'ny voninahiny any an-danitra Izy. Hangonina eo anoloany ny firenena rehetra ary hosarahany tsirairairay avy ny olona, tahaka ny anavahan'ny mpiandry ondry ny ondry amin'ny osy. Hapetrany eo an-tànany ankavanana ny ondry, ary ny osy eo ankaviany.

Avy eo hiteny amin'ireo izay rehetra eo an-tànany ankavanana ny Mpanjaka hoe: "Avia ry notahian'ny Raiko; midira amin'ny fandovana ny fanjakana, izay efa voaomana ho anareo hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Fa noana Aho dia nomenareo sakafo. Nangetaheta Aho dia nitondra rano mangatsiaka ho Ahy hianareo hosotroiko. Nivahiny Aho dia nampiantranoinareo. Tsy nanao akanjo Aho dia nampiakanjonareo. Narary Aho dia nokarakarainareo. Tany an-tranomaizina Aho dia novangianareo."

Ary ho talanjona ny marina hamaly hoe: "Tompo ô, oviana no hitanay noana Ianao ka nomenay sakafo; na nangetaheta ka nomenay zavatra hosotroina? Ary oviana Ianao no hitanay nivahiny ka nomenay trano hialofana; na nila fitafiana ka nampiakanjonay? Mba efa hitanay narary ve Ianao ka nokarakarainay; na tany an-tranomaizina ka novangianay?"

Ary hamaly ilay Mpanjaka hoe: "Lazaiko anareo marina tokoa izao, tahaka ny nanaovanareo ireo zavatra rehetra ireo tamin'ny madinika indrindra amin'ny rahalahiko sy ny anabaviko dia efa nanao izany tamiko koa hianareo."

Fa hiteny amin' ireo izay eo ankaviany ny Mpanjaka hoe: "Mialà Amiko! Fa noana Aho dia tsy mba nomenareo sakafo. Nangetaheta Aho fa tsy mba nomenareo zavatra hosotroina. Nivahiny Aho fa noroahinareo. Nitanjaka Aho, fa tsy mba nomenareo akanjo. Narary Aho nefa tsy mba nokarakarainareoo. Tany an-tranomaizina Aho nefa tsy mba novangianareo."

Ary hamaly Azy izy ireo hoe: "Tompo ô! Oviana ianao no hitanay noana, na nangetaheta, na nivahiny, na nitanjaka, na narary, na tany an-tranomaizina ka tsy nampahery anao izahay?"

Hamaly ilay Mpanjaka hoe: "Lazaiko marina tokoa aminareo, isaky ny tsy nanao ireo zavatra ireo tamin'ny madinika indrindra amin'ny rahalahiko sy ny anabaviko hianareo dia tsy nanao izany tamiko."

Ary dia halefa ho any amin'ny maizina mandrakizay izy ireo fa ny marina kosa hampidirina any amin'ny fitoeran'ny fiainana.[7]

Miantso Ahy hoe *mpampianatra* sy *Tompo* hianareo, ary marina izany satria izany tokoa Aho. Raha Izaho aza, Tomponareo sy mpampianatra anareo, manaiky ho mpanompo ambany indrindra, hianareo koa izany tokony hanaiky hifanompo. Nanome ohatra anareo Aho; tokony hanao sahala amin'izay nataoko taminareo hianareo.[8]

PAGE 83

ILAY FANIRAHANA LEHIBE

Aoka ireo izay maty ara-panahy hikarakara ny manahirana azy ety an-tany; fa hianareo mandehana mitory ny fahatongavan'ny fanjakan'Andriamanitra amin'izao tontolo izao izay miandry izany.[1]

Misy vokatra be eo anoloanareo; mampalahelo anefa fa vitsy ny mpiasa. Mivavaha amin'ny Tompon'ny vokatra mba handefasany mpiasa bebe kokoa hanangona ny vokany. Tsy misy olona mametraka ny tanany amin'ny angadin'omby dia miherika indray avy eo ka ho mendrika ny fanjakan'Andriamanitra.[2]

Hanao asa mitovy amin'ny ataoko hianareo izay mino Ahy, ary lehibe lavitra noho izany aza; satria tsy maintsy miverina any amin'ny Raiko any an-danitra Aho. Raha maniry ny hanompo Ahy hianareo, araho Aho; ary izay misy Ahy, ho any koa hianareo izay mpanompoko, ary homen'ny Raiko voninahitra.[3]

Mandehana, ambarao: "Efa tonga aty aminareo ny fanjakan'ny lanitra."

Sitrano ny marary, avereno amin'ny boka ny fahasalamany; atsangano ny maty; roahy ny demonia! Tadidio izay nolazaiko taminareo: "Maimaim-poana no nandraisanareo izao fiainam-baovao izao. Manomeza maimaim-poana!" [4]

Raha tsy miandany Amiko hianareo dia manohitra Ahy; ary izay tsy manangona miaraka Amiko dia manaparitaka.[5]

Isaky ny asaina hiditra amin'ny trano iray hianareo, manonona fitahiana ary lazao hoe: "Fiadanana ho amin'ity trano ity." Raha momba ny fiadanana ry zareo ao an-trano dia horaisiny ny fiadanana tononinareo ary hahazo tombotsoa amin'izany izy. Raha tsy izany dia hiverina aminareo ny tombotsoa amin'ny fitahiana notononinareo.

Aza misalasala hanaiky ny fampiantranoin'ny olona, kanefa aoka hanana tanjona hianareo, ary tohero ny fandehanana mirenireny foana tsy misy tanjona. Raiso am-pifaliana na inona na inona sakafo na zavatra aroso ho anareo hosotroina, fa izay miasa dia mendrika ny hahazo ny karamany. [6]

Ireo izay mandray ny olona irahiko miaraka amin'ity hafatra ity dia mandray Ahy koa, ary ireo izay mandray Ahy dia mandray ny Raiko izay naniraka Ahy.[7]

Aoka hianareo hampiomanina: misy sasany izay hiezaka hampangina ny feonareo; izay hitondra anareo any amin'ny fitsarana, ary tsy marina no hitondrany anareo, hitady ny handefasana anareo any an-tranomaizina aza. Noho ny hafatro, dia antsoina hijoro vavolombelona eo anatrehan'ireo izay tsy mino hianareo: dia mpanapaka sy governora ary mpanjaka.

Raha endrikendrehina sy entina any amin'ny fitsarana hianareo, dia aza matahotra ny amin'ny tsy fahalalanareo izay teny holazaina. Homena anareo amin'izany fotoana izany ny teny. Tsy ilaina miankina amin'ny teninareo fotsiny ihany hianareo fa ny Fanahin'ny Rainareo no hiteny amin'ny alàlanareo. Tadidio fa amin'ny fanjakana ety an-tany, tsy misy mpanompo lehibe noho ny tompony. Raha nanenjika Ahy ry zareo dia hanenjika anareo koa izy, hosaziany hianareo noho ny Amiko, ary tsy ho azony an-tsaina iza Ilay naniraka Ahy ho amin'izao tontolo izao. Kanefa raha manaiky sy manaraka ny hafatro izy, dia hanaiky sy hanaraka ny anareo koa.[8]

Raha tsy tonga miaraka amin'ny hafatry ny fahamarinana Aho, dia tsy nahatsapa ny tsy fahatanterahany sy ny fitondran-tenany feno ota ny mponin'izao tontolo izao. Izao anefa izy dia tsy afaka miafina ao ambadik'ilay tsy fahalalany ny fahamarinana taloha. Raha tsy nanao ireo fahagagana miezinezina ireo tamin'izy ireo Aho dia tsy ho tonga saina amin'ny fahadisoany izy. Fa izao ireo izay nandà ny fahamarinana dia nahita ny fahagagana ka mankahala Ahy sy ny Raiko. Tonga izany mba hahatanteraka ny faminaniana hoe: "Halany foana Aho."[9]

Afo no nahatongavako, ho entina ety an-tany. Tena iriko mihitsy ny hahita azy io hiredareda! Hianareo angaha nieritreritra fa tonga hitondra fiadanana sy filaminana ety an-tany Aho? Tsia, lazaiko aminareo, tonga hitondra fampisarahana Aho: Fa manomboka izao hisy olona dimy ao anaty trano iray, hisaraka amin'izay tokony hinoany, ny telo hanohitra ny roa, ary ny roa hanohitra ny telo.[10]

Rehefa mifanehitra amin'ny fankahalan'izao tontolo izao hianareo dia tadidio ahoana no nankahalany Ahy talohanareo. Ary rehefa manenjika anareo amin'ny toerana iray izy dia mifindrà amin'ny toerana manaraka. Tsy ho tratranareo daholo akory ny tanàn-dehibe rehetra eran'izao tontolo izao alohan'ny hiverenan'ny Mesia. Raha misy tanàna iray mandà ny handray anareo, na ny hihaino ny hafatrareo dia ahitsano amin'ny tongotrareo ny vovok'izany tanàna izany rehefa miala ao hianareo. Minoa Ahy, amin'ny andron'ny fitsarana farany, ho tsaratsara kokoa ny hanjo ny tanànan'i Sodoma sy Gomora noho izany tanàna izany.[11]

Raha nanaraka ny fomba fanaon'izao tontolo izao hianareo, ho tia anareo izao tontolo izao. Fa satria manaraka ny fomban'ny fanjakana hianareo, satria niantso anareo ho amin'ny fanjakana Aho dia hataon'izao tontolo izao tsinontsinona sy hankahalainy hianareo. [12]

Na iza na iza mandre ny teny izay lazainareo dia mandre Ahy; ary ireo izay manilikilika anareo, satria marina ny teninareo dia manilikilika Ahy. Raha mandà Ahy izy dia mandà ny Ray izay naniraka Ahy. Zakao ny fitsikerana ataon'ireo tsy mino sy ny misalasala noho ny amin'ny anarako. Mijoroa tsara; ho voavonjy hianareo amin'ny fanaovana izany.[13]

Nolazaiko anareo ireo teny ireo mba hahitanareo fiadanana ao Amiko sy amin'ny fanarahana ny teniko. Hahita fahoriana sy korontana hianareo any amin'izao tontolo izao; fa aoka ho sambatra hianareo satria efa nandresy izao tontolo izao Aho.[14]

PAGE 87

NY VAVAKA NATAON'I KRISTY HO AN'NY MPIANANY

Ray ô, tonga izao ny ora. Omeo voninahitra ny Zanakao mba hahafahany mitondra ny voninahitra ho Anao; fa efa nomenao fahefana amin'ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra eto ambonin'ny tany Izy mba hahafahany manome fiainana mandrakizay ho an'ireo izay nomenao azy.[1]

Ary izao no fiainana mandrakizay: ny ahalalany Anao ilay Andriamanitra tokana marina sy Jesosy Kristy izay nirahinao. Nanome voninahitra Anao Aho tety an-tany tamin'ny nanatanterahako ny asa izay nomenao hataoko. Amin'izao fotoana izao Ray ô, asehoy ny voninahitro raha mitsangana eo anatrehanao Aho, dia ilay voninahitra nananako niaraka taminao hatramin'izay talohan'ny fiandohan'izao tontolo izao. Anao ireo ary nomenao Ahy, ary nanaiky ny tenin'ny fiainana mandrakizay nomenao izy. Efa fantany izao fa ny zavatra rehetra nomenao Ahy dia avy Aminao. Nampitaiko taminy amin'ny fomba mahatoky izay nomenao Ahy; nino Ahy izy ary nanjary fantany tao am-pony fa avy amin'Andriamanitra Aho, nirahanao ho amin'izy ireo.

Tsy mivavaka ho an'izao tontolo izao Aho, fa ho an'ireo izay nomenao Ahy; satria Anao tokoa izy ireo. Ireo izay rehetra nino Ahy dia Anao; ary manaja Ahy izy. Hiverina ho any Aminao ho any andanitra Aho; fa ireo izay mino Ahy dia mijanona aty aoriana. Ray ô, tehirizo ireo amin'ny herin'ny anaranao; mba ho iray izy tahaka ny maha iray Antsika.

Raha mbola niaraka taminy teto amin'izao tontolo Aho dia notehiriziko amin'ny hery izay nomenao Ahy izy; nambenako izy ireo ary tsy nisy very na dia iray aza, afa-tsy ilay zanaky ny fandringanana, mba hahatanteraka ny tenin'Andriamanitra. Hankany aminao Aho izao; fa ireto zavatra

ireto no angatahiko raha mbola ety ambonin’ny tany Aho mba hahatsapan’izy ireo sy handraisany ny fanambarana feno ny amin’izay azy.

Nomeko azy ireo ny teninao ary halan’izao tontolo izao izy satria tsy zanak’ity izao tontolo izao maizina sy eo an-dalam-paharavana ity intsony izy, tahaka ny tsy maha zanany Ahy. Tsy mangataka Aminao ny hanesoranao azy amin’izao tontolo izao Aho fa ny hitehirizanao azy ireo arovanao amin’ilay ratsy; fa tsy zanaky ny maizina intsony izy tahaka ny tsy maha-zanany Ahy. Hamasino amin’ny fahamarinanao ireo; fa ny teninao no fahamarinana.

Tahaka ny nanirahanao Ahy ho amin’izao tontolo izao, tahak’izany koa no anirahako azy ho amin’izao tontolo izao. Ary ho an’izy ireo no anokanako ny tenako mba hahatonga azy ho hamasinina sy hitombo ao amin’ny fahamarinana. Tsy ho an’ireo ihany no hivavahako fa ho an’ireo mpino amin’ny ho avy izay ho tonga ka hino Ahy noho ny fijoroana vavolombelona izay ataony. Aoka izy ireo ho iray fo sy fanahy, tahaka ny maha iray Ahy sy Hianao: ka tahaka ny maha ato Amiko Anao ary Izaho ao Aminao, ho ao Amintsika izy; ary ho fantatr’izao tontolo izao fa Hianao no naniraka Ahy.

Nomeko azy ny voninahitra izay nomenao Ahy mba ho iray izy ireo tahaka ny maha iray Antsika: Izaho ao aminy, ary Hianao ato Amiko, tonga amin’ny fahatanterahana ho iray, mba hahalalan’izao tontolo izao mihitsy amin’ny alalan’izany fa Hianao no naniraka Ahy sady tia azy ireo tahaka ny nitiavanao Ahy. Enga anie indray andro any ka hiaraka Amiko any amin’izay misy Ahy izy ireo, hibanjina ny voninahitro izay nomenao Ahy tamim-pitiavana hatramin’ny nanorenana izao tontolo izao.

Ry Rain’ny fahatsarana sy ny fahamarinana ô, tsy nahalala Anao izao tontolo izao; fa Izaho efa nahalala Anao, ary ireo izay mino Ahy, mahafantatra izao, fa Hianao no naniraka Ahy. Efa nasehoko azy ireo Hianao ary hotohizako ihany ny fanehoako Anao amin’izy ireo mba hitoeran’ny fitiavanao Ahy ao anatin’ny fony ary mba hahatonga Ahy hipetraka ao koa. Ho tanteraka anie izany.[2]

PAGE 89

FIZARANA FAHADIMY

NY TENY FIKASANA

PAGE 91

ITY TARANAKA ITY

Fa na iza na iza, no ho menatra Ahy sy ny teniko amin’ireo andron’ny fahotana sy ny tsy finoana ireo dia ho menatra izany olona izany ny Zanak’Olona, raha miverina amin’ny voninahitry ny Rainy miaraka amin’ny anjeliny masina Izy. [1]

Mbola tsy mino ihany ity taranaka mpamadika miantsoantso mangataka famantarana ity; fa tsy misy famantarana homena azy afa-tsy ny famantarana izay nomena ny mpaminany Jona. Fa tahaka ny nijanonan’i Jona telo andro sy telo alina tao an-kibon’ilay trozona, dia toy izany koa ny Zanak’Olona hilevina telo andro sy telo alina ao ambanin’ny tany.

Ho avy tokoa ny andro izay hitsanganan'ny mponina tao Ninive, ilay Tanànan'ny Mpangalatra, eo amin'ny fitsarana eo anoloan'ity taranaka ity, ka hanameloka azy ; fa nibebaka ireo tamin'ny toritenin'i Jona, fa amin'izao fotoana izao lehibe noho i Jona no mijoro eto anatrehanareo.

Hiara-hitsangana amin'ity taranaka ity koa amin'ny fitsarana, ny mpanjakavavin'ny Seba ka hanameloka azy ; fa avy tany lavitra be tany izy no tonga mba hihaino ny fahendren'i Solomona, ary indro, tonga eto izay mana-pahendrena noho i Solomona. [2]

Ahoana no fomba hilazako ny toetran' ity taranaka ity ? Tahaka ny ankizy madinika mipetraka eny an-tsena izy, izay miantso ny namany : « Efa nitsoka sodina mahafinaritra taminareo izahay, kanefa tsy nandihy hianareo, na nihira. Dia efa nanao hira fanao rehefa misy maty izahay, kanefa tsy nety nalahelo hianareo. »

Tonga i Jaona, ilay mpialoha làlana ary nipetraka teo aminareo tamin'ny fampijalian-tena. Hoy ny rehetra hoe : « Misy demonia mihitsy angamba izy io". Tonga eto aminareo izao ny Zanak'Olona, mankamamy ny fiainana amin'ny fahafenoany dia hoy hianareo hoe: « Mpisotro toaka sy tendan-kanina , sakaizan'ny olona ratsy fitondran-tena sy ny mpanota ». Ary manamarina ny fivadibadihana ao anatinareo amin'ny fahendrena ambony sahala amin'izany hianareo. [3]

Ry taranaka izay miaina amin'ny fiainana miorina amin'ny lainga : ataonareo izay mpanao ny tsy marina ahoana no fiteny zavatra mendrika ho henoina? Fa avy amin'ny habetsahan'ny ao am-po no itenenan'ny vava. [4]

Nony hariva dia hoy hianareo hoe : « Ho tsara ny andro, satria mena ny lanitra. » Ary nony maraina, hoy hianareo hoe : « Ho ratsy ny andro anio, fa manjombona ny lanitra. » Hainareo mihitsy ny mamantatra marina izay ho toetry ny andro. Ka tsy mahay manavaka ny famantaran'ny fiovan'ny andro ve hianareo ? [5]

Avia, hianareo rehetra izay reraka, voatsindry ary leo ny fiainana, fa omeko fitsaharana mahafinaritra hianareo! Raiso ny teniko, ary avelao Aho hampianatra anareo, fa malemy paika sady tsara fanahy Aho. Hahita fitsaharana ho an'ny fanahinareo hianareo amin'ny farany ! Fa tombotsoanareo no angatahiko izany aminareo, ary fahazavana no omeko mba ho entinareo. [6]

Izay aminareo nisafidy ny hanaraka Ahy amin'ity taranaka ity dia hipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana indray andro any ary hitsara fanjakana sy ireo izay nanamafy ny fony ka niala tamin'izao tenin'ny fahamarinana izao. [7]

PAGE 93

FITOERANA HO ANAREO

Handeha hanamboatra fitoerana ho anareo Aho! [1]

Aoka ho fantatrareo izao : raha handeha hanamboatra fitoerana ho anareo Aho dia hiverina indray, ary haka anareo hiaraka amiko any; ka mba ho amin'izay misy Ahy dia any koa no hisy anareo. Aza avela hatahotahotra ny fonareo: mino an'Andriamanitra hianareo; minoa Ahy koa. Ao amin'ny tranon'ny Raiko misy lapa soa maro be: raha tsy izany dia nilazako hianareo. Tsy maintsy mandeha Aho, nefa mbola hiverina aty aminareo indray. Raha tena tia Ahy marina hianareo dia tokony hifaly, satria ho any amin'ny Ray Aho : satria lehibe noho Izaho ny Raiko. [2]

Ary aza gaga hianareo amin'izay tiako holazaina tamin'ny nitenenako hoe : Tsy ho hitanareo intsony aho fotoana fohy; ary tsy ho ela akory aorian'izany dia ho hitanareo indray Aho. Hitomany sy halahelo hianareo; fa izao tontolo izao kosa hifaly. Ho ory hianareo nefa ho lasa fifaliana ny fahorianareo. [3]

Manaintaina sy tahaka ny hiala aina ny vehivahy iray eo am-piterahana; nefa raha vao teraka ilay zazakely dia adinony daholo ny fanaintainany, noho ny hafaliany fa tonga ety an-tany ny zanany. Mety handalo fahoriana mandritra ny fotoana fohy hianareo, nefa ho hitako indray hianareo ary hifaly ny fonareo, ary tsy misy na dia iray akory aza afaka hanaisotra ny fifalianareo aminareo. [4]

PAGE 95

NY TENY FIKASANA NY AMIN'NY FANAHY MASINA

Ny Fanahy no manana ny hery hanome fiainana. [1]

Raha tia Ahy hianareo dia hanaraka ny didiko. Ary hivavaka amin'ny Ray Aho ary Izy hanome anareo Mpampionona anankiray izay hiaraka aminareo mandrakizay. Izy no Fanahin'ny fahamarinana. Tsy mandray Azy izao tontolo izao satria sady tsy hitany Izy no tsy fantany. Fa ho fantatrareo kosa Izy satria hiara-hipetraka aminareo Izy ka ho ao anatinareo. [2]

Tsy avelako halahelo hianareo. Fa ankehitriny tsara ho anareo ny andehanako; satria raha tsy mandeha Aho, tsy ho tonga aty aminareo ny Mpampionona, dia ny Fanahy Masina. Halefako aty aminareo Izy raha lasa Aho.

Rehefa tonga Izy dia hampiharihary amin'izao tontolo izao ny amin' ny fahotana, sy ny amin'ny fahamarinana ary ny fitsarana. Ny fahotana, satria tsy mino Ahy izy ireo, ny fahamarinana satria mankany amin'ny Raiko Aho, ary tsy ho hitanareo Aho ; ny fitsarana, satria efa nopotehina ny hery ratsin'ny andrian'izao tontolo izao.

Manana zavatra maro hafa holazaina aminareo Aho, nefa tsy ho azonareo izany izao. Kanefa rehefa tonga ny Fanahin'ny fahamarinana, Izy no hitarika anareo amin'ny marina rehetra satria tsy hiresaka ny momba ny tenany Izy; fa izay rehetra reny no ho lazainy, hampisehoany aminareo izay rehetra ho avy. [3]

Hankalaza sy hanome voninahitra Ahy amin'ny fanehoany ny voninahitro aminareo Izy. Tsarovy : izay voninahitry ny Ray rehetra dia Ahy. Izany no ahafahako manao izao teny fikasana izao aminareo : ny Fanahy Masina no haneho aminareo ny maha-Andriamanitra Ahy. [4]

Raha nangataka mofo aminareo ny zanakareo, nomenareo vato ve izy ? Ary raha nangataka trondro aminareo ho haniny ny zanakareo, nomenareo bibilava ve izy? Nomenareo maingoka ve ilay ankizy kely nangataka atody ? Koa raha hianareo aza, eto amin'ity tany ity, mahay manome izay tadiavin'ny zanakareo, tsy mihoatra noho izany ve no hanomezan'ny Rainareo izay any an-danitra ny Fanahy Masina ho an'izay mangataka Aminy ? [5]

Rehefa tonga ilay Mpampionona, Ilay Fanahin'ny fahamarinana izay nirahiko ho aty aminareo avy tamin'ny Ray, dia Izy no hanambara ny momba Ahy. Hampianatra anareo ny zavatra rehetra Izy, ary hampahatsiaro anareo izay rehetra nambarako taminareo. [6]

PAGE 97

FANASANA HO ANY AMIN'NY FIAINANA

Izay rehetra mino ny Zanaka no manana ny fiainana mandrakizay. [1]

Nikasa hanao fanasana lehibe ity lehilahy mpanan-karena iray ka nanasa vahiny maro. Rehefa vita ny fanomanana , naniraka ny mpanompony ho amin'ireo izay rehetra nasaina izy nilaza hoe: « Avia fa efa vonona daholo ny zavatra rehetra. »

Ireto nasaina rehetra kosa anefa niala tsiny daholo. Namaly ilay voalohany hoe: « Vao avy nividy tany aho izao ka tsy maintsy mandeha mijery azy indray. Mba ialao tsiny re aho e."

Hoy ilay faharoa hoe: « Nividy omby maromaro aho ka tsy maintsy mandeha mijery azy.» Mba ialao tsiny re aho azafady e."

Nisy fahatelo namaly hoe: « Vao avy nanambady vao aho ka tsy afaka manatrika. »

Farany, rehefa niverina ilay mpanompo nitatitra izay rehetra nitranga, hoy ilay tompony nandidy azy: « Mandehana faingana eny amin'ny arabe eto an-tanàna, ka angony ny mahantra, ny kilemaina, ny marary ary ny jamba. »

Dia nataon' ilay mpanompo izany ary niverina izy ka nilaza hoe: « Tompoko efa nataoko izay nasainao natao kanefa mbola misy toerana malalaka eo amin'ny latabatra. »

« Mandehana àry" hoy ilay lehilahy mpanan-karena, "mivoaha indray eny amin'ny lalam-be sy eny an-tsaha ka tereo izay rehetra mifanena aminao hiditra aty mba ho feno ny latabatro. Fa lazaiko aminao: tsy misy na dia iray aza amin'ireny izay nasaina hatramin'ny voalohany ireny no hanandrana ny hanim-pitoloha izay efa namboariko ho azy. »

Izay rehetra mandre ny teniko ka mino an'Izay naniraka Ahy no hanana ny fiainana mandrakizay, ary tsy ho helohina; fa hiala amin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana. Ary aza taitra amin'izany; fa ho avy ny fotoana izay handrenesan'ny maty ny feon'ny Zanak'Andriamanitra, ary ho velona izay rehetra mandre ny feony. Handre ny feony ny maty any am-pasana ka hatsangana; izay nanao ny tsara dia hatsangana ho amin'ny fiainana vaovao, ary ireo izay niaina tamin'ny fahotana dia hatsangana ho amin'ny fanamelohana. [3]

Ity no làlana mankany amin'ny fiainana mandrakizay: ny fahafantarana an'Andriamanitra marina sy Jesosy Kristy, Ilay nirahina ho ety ambonin'ny tany! Raiso ao am-ponao ny teniko. Fa notiavin'Andriamanitra tokoa izao tontolo izao, ka nomeny ny Zanany Lahy tokana ho faty, ka na iza na iza mino Azy dia tsy ho faty fa ho voavonjy sy hanana ny fiainana mandrakizay. Ary ho torina amin'izao tontolo izao ity vaovao mahafalin'ny fanjakana ity ho vavolombelona amin'ny firenena rehetra; izay vao ho tonga ny farany. [4]

PAGE 99

NY ANDRO FARANY

Lazaiko marina aminareo fa tsy ho lany ity taranaka ity mandra-pahatanterak'ireo zavatra rehetra ireo. [1]

Nisy olona iray izay, tompon-tany namboly voaloboka, ary nanao famiazam-boaloboka tao amin'ny taniny. Nasiany fefy avo manodidina ny taniny, ary nanangana tilikambo fiambenana izy. Dia nampanofainy tamin'ny mpikarakara voaloboka izany ka nandeha ho any amin'ny tany lavitra izy. Rehefa nanakaiky ny fotoam-pahavokarana, dia naniraka ny mpanompony nankany amin'ilay mpikarakara voaloboka mba hamory ny anjarany amin'ny tombom-barotra ilay tompon-tany. Fa nanaovan'ireo mpikarakara voaloboka otrika ireo mpanompo ireo ka nokapohiny ny iray, novonoiny ny faharoa, ary noroahany tamin'ny tora-bato ny fahatelo.

Nandefa mpanompo tany fanindroany indray ilay tompony mba hanangona ny anjarany; ka na dia maro noho ny voalohany aza ireo andian'olona nalefany dia mitovy amin'izay ihany no nahazo an'ireo mpanompony.

Farany ny zanany lahy tokana no nalefan'ilay tompon-tany sady izao no tao an-tsainy: « Fara-faharatsiny mba hankatoaviny kosa ny zanako naterako. »

Kanefa raha vao hitan'ny mpikarakara voaloboka nanatona ilay zanany lahy dia nanao teti-dratsy izy samy izy teo hoe : « Ity ilay mpandova. Ka raha vonointsika izy, ho lasantsika daholo ny lovany rehetra. »

Koa tonga dia nosamboriny izy ary notarihin' izy ireo tany ivelan'ny tanim-boaloboka ka novonoiny ho faty. Manontany anareo aho: rehefa miverina moa ny tompon'ity tanim-boaloboka ity, inona no hahazo ireo mpikarakara voaloboka ireo? [2]

Ry oloko, ry oloko ô, hianareo izay namono ny mpaminany, ary nanilikilika ireo rehetra izay nirahiko ho ety aminareo, impiry moa Aho no nanangona anareo tahaka ny fanangonan'ny reny akoho ny zanany ao ambanin'ny elany, kanefa tsy nekenareo izany! Indro avela ho foana ny tranonareo; ary tsy hahita Ahy hianareo mandram-pahatongan'ny fotoana izay hitenenan'ny rehetra hoe: « Isaorana anie Ilay avy amin'ny anaran'ny Tompo. » [3]

Raha mba fantatrareo mantsy, amin' izao andronareo izao, ny fiadanana mandrakizay izay teo am-pelatànanareo! Kanefa izao, miafina amin'ny masonareo izany. Mihozongozona ny herin'ny lanitra, mihorohoro noho ny tahotra ny fon'ny olona, mieritreritra mialoha sahady ny loza izay ho avy eto ambonin'ny tany. [4]

Rehefa tonga ny andro farany, ary hitanareo ny *fahavetavetan'ny fandravana* izay nolazain'i Daniela mpaminany, « mitsangana amin'ny fitoerana masina », dia izay no fotoana handosiran'izay rehetra monina eo an-tanàn-dehibe ho any an-tendrombohitra. Aoka izay eny an-tampon-trano tsy handany fotoana hidina haka na inona na inona ao an-trano; ary aoka koa ireo izay rehetra miasa eny an-tsaha tsy hisy hiverina haka ny akanjony. Indrisy, mampalahelo ny vehivavy mitaiza kely amin'izany andro izany! Mivavaha mba tsy ho amin'ny ririnina na ho amin'ny Sabata no handosiranareo: fa hisy fahoriana lehibe izay tsy nisy toy izany hatramin'ny niandohan'izao tontolo izao ary tsy hisy toy izany intsony. Raha tsy nohafohezina izany andro izany dia tsy hisy olona ho velona intsony: kanefa hafohezina izany andro izany noho ny amin'ireo olom-boafidin'Andriamanitra. [5]

Fa ho avy ny andro izay hihadian'ny fahavalonareo lavaka manodidina ny mandanareo ka hanodidina anareo avy amin'ny lafiny rehetra izy. Ary hatsipiny eny amin'ny tany hianareo, ary ny zanakareo hiaraka aminareo amin'izany, ka tsy hisy havelany hijanona na dia vato iray hifanongoa amin'ny vato iray aza, ary izany fahoriana rehetra izany noho ny tsy nanekenareo fa Andriamanitra mihitsy no namangy anareo. [6]

Hitanareo ve ny hankaton'ny mandan'ny tempoly? Lazaiko aminareo marina tokoa, tsy hisy na dia vato iray tavela hitsangana! Hohitsakitsahina ao am-paladian'ny jentilisa Jerosalema, mandra-pahatapitrin'ny fetr'andron'izy ireo. [7]

Rehefa mandre ady sy fitabataban'ny fandravana hianareo, aza avela ho ketraky ny tahotra ny fonareo: fa tsy maintsy mitranga aloha ireny zavatra ireny; nefa mbola tsy tonga ny farany. Ny firenena hitsangana hanohitra firenena, ary ny fanjakana hanohitra fanjakana. Ary hisy zava-mampatahotra sy famantarana lehibe hiseho eny amin'ny lanitra. Hisy famantarana eny amin'ny masoandro sy eny amin'ny volana ary eny amin'ny kintana. Ary hisy fahoriana lehibe amin'ny firenena eto ambonin'ny tany sy fahaverezan-kevitra ary fidradradradrana tahaka ny onjan-dranomasina mahery. Ary vao maika hitombo ny mosary sy loza amin'atambo maro, ary ny horohorontany. Fa izany rehetra izany no fiandohan'ny fahoriana. Satria ho be dia be ny fahotana, dia hihangatsiaka ny fitiavan'ny maro. [8]

Ho fitahina sy ho helohina ho faty hianareo ary ho halan'ny firenena rehetra noho ny anarako. Nefa aoka hiambina sy hivavaka foana hianareo mba ho anisan'ireo mendrika handositra izany zavatra hitranga amin'ny ho avy izany, ary hitsangana indray andro any eo anatrehan'ny Mesia, Ilay Zanak'Olona. [9]

Ianàro izay afaka ampianarin’ny aviavy anareo. Rehefa manaroka ny rantsany ka mandravina, dia fantatrareo fa efa akaiky ny lohataona. Tsy misy olona mahalala ny andro marina, na ny ora marina hiverenan’i Mesia; na dia ny anjely any an-danitra aza, fa ny Raiko ihany. Ary rehefa hitanareo fa manomboka tonga ka miseho ireo zavatra rehetra ireo dia ho fantatrareo fa antomotra ny andro. [10]

PAGE 103

ILAY FIVERENANA

Koa amin’izany miambena, fa tsy fantatrareo ny ora hiverenan’ny Tomponareo.[1]

Mitandrema mba tsy hisy olona hamitaka anareo; fa amin’ny andro farany, be dia be no ho avy hampiasa ny anarako ka hilaza hoe: « Izaho no Kristy, » ary ho maro no ho voafitany. Hitsangana ny mpaminany sandoka; ary mba hitarika ny maro hino ny laingany koa izy ireo. [2]

Aza mino azy ireny rehefa miteny aminareo izy hoe: « Ity misy iray tahakan’i Kristy, na misy karazan’i Kristy iray ary.» Fa be dia be no Kristy sandoka sy mpaminany sandoka hitsangana, ka haneho famantarana manaitra sy fahagagana maro. Na dia ny marina aza dia ho voafitany.

Raha hoy izy hoe: « Indro any an’efitra Izy », aza mihazakazaka mankany hitady Ahy; na raha hoy izy hoe: « Mipetraka any amin’ny toerana miafina Izy ary izaho irery no mahalala izany» aza mino azy. Fa tahaka ny tselatra mamakivaky ny lanitra, manazava ny habakabaka avy any atsinanana mankany andrefana, dia ho tahaka izany koa ny fihavian’ny Zanak’Olona. [3]

Amin’ny andro farany hiseho eny amin’ny lanitra ny famantaran’ny Zanak’Olona, ka hahatonga ny firenena eto an-tany hangorohoro; fa hahita ny Mesia izy ireo, ny Zanak’Olona ho avy amin’ny heriny sy ny voninahiny lehibe; ary hahita ny Zanak’Olona mipetraka eo an-tanan’ankavanan’Andriamanitra velona, hiverina eny amin’ny rahon’ny lanitra izy ireo. Ary Izy haniraka ny anjeliny hampaneno mafy ny trompetra; ary hanangona ny olom-boafidiny avy any amin’ny vazan-tany efatra ireo, avy amin’ny fiafaran’ny lanitra sy ny tany tena lavitra indrindra ary hamaly soa ny tsirairay avy araka ny asany. [4]

Fa tahaka ny tamin’ny andron’i Noa, toy izany koa amin’ny andro hahatongavan’ny Zanak’Olona. Talohan’ny nahatongavan’ny safo-drano lehibe, nihinana sy nisotro izy ireo, nampaka-bady sy nampanam-bady, ary nanao fety tsy nanana ahiahy mandram-pahatongan’ny andro nidiran’i Noa tao anaty sambo fiara. Tsy niraharaha ny fampitandremana ny amin’ny hahatongavan’ny safo-drano izy. [5]

Fa tahak’izany koa tamin’ny andron’i Lota. Nihinana sy nisotro, nividy sy nivarotra, namboly sy nanorina izy ireo. Fa tamin’ny andro izay nialan’i Lota tany Sodoma dia nilatsaka ny afo sy solifara miempo avy tany an-danitra, ka nandringana azy rehetra. Ary tahaka izany koa amin’ny andro isehoan’ny Zanak’Olona. [6]

Aza avelanareo ho vesarin’ny fanarahana ny rendrarendran’izao tontolo izao ny fonareo, ny fanaranam-po amin’ny ratsy, na ny fanahiana ny amin’izao fiainana izao. Aza avela hahatratra anareo tsy voaomana ny fiverenako; fa tahaka ny fahatratraran’ny fandrika tampoka anareo no hilatsahany tampoka amin’izay rehetra mipetraka ety ambonin’ny tany.[7]

Hisy roa lahy hiasa eny an-tsaha. Ny iray ho raisina ny iray kosa havela. Hisy roa vavy izao mitoto-vary. Ny iray horaisina, ny iray havela. Noho izany miambena: fa tsy fantatrareo izay ora

hihavian'ny Tomponareo. Nefa aoka ho fantatrareo izao: fa raha nahafantatra ny ora izay novinavinain'ny mpangalatra hamakiany ny tranony moa ireo izay ao an-trano, dia niari-tory izy ary niandry fa tsy hamela ny tranony hovakiana.

Azoko lazaina marina aminareo tokoa izao, be dia be ny mpanjaka sy ny mpaminany naniry hahita ny zavatra hitanareo izao, nefa tsy mba nanana fahafahana hahita azy ireo; ary handre ireo zavatra izay renareo izao, kanefa tsy mba nanana fahafahana handre azy ireo; hianareo nefa nahita ireo faminaniana rehetra ireo tanteraka.

Koa omany ny fonareo; fa amin'ny ora izay tsy ampoizinareo indrindra no hihavian'ny Zanak'Olona. [8]

Henoy anie ny tantaran'ireo virijina folo, izay nandray ny jirony ka lasa nitsena ny mpampakatra, hanazava ny làlana amin'ny fahatongavany. Nisy vehivavy dimy hendry sy vehivavy dimy adala tamin'io andiany io. Ary nitondra ny jirony ireo adala nefa tsy mba nitondra solitany ho tehiriziny; ireo hendry kosa nefa nitondra solitany notehiriziny niaraka taminy ho an'ny jirony. Nony nihemotra ny fahatongavan'ny mpampakatra, niha-reraka daholo izy rehetra ka sondrian-tory.

Nony tonga avy teo ny tamin'ny roa ambiny folo alina, injay nisy feo niantso mafy hoe: « Indro manakaiky ny mpampakatra! Tonga ny fotoana hitsenana azy. »

Vetivety teo dia nitsangana ny virijina ka nanomboka nanamboatra ny jirony. Dia hoy ny adala tamin'ny hendry: « Mba omeo kely amin'ny solitany notehirizinareo anie izahay, fa efa lany daholo ny tao anaty jironay. »

« Tsy afaka izahay," hoy ilay hendry " fa tsy ampy anay sy anareo ny solitany aty aminay. Mandehana haingana, fohazy ny mpivarotra solitany ary mividiana solitany ho tehirizinareo. »

Nefa raha mbola lasa nitady solitany izy ireo, tonga ny mpampakatra; ary niara-niditra taminy tao amin'ny fety fampakaram-bady ireo izay rehetra vonona, ka dia nohidina ny varavarana.

Ary fotoana lavalava taorian'izany, tafaverina ireo virijina hafa, ka nanomboka niantsoantso hoe: « Tompo ô, Tompo ô avelao hiditra moa izahay e. »

Fa izao no nolazainy namaly azy: « Lazaiko marina aminareo, tsy fantatro iza moa hianareo» [9]

Sambatra ny mpanompo izay ho hitan'ny Tompo vonona sy miandry ny fahatongavany rehefa avy Izy, na amin'ny roa ambiny folo alina izany, na vao mangiran-dratsy. Lazaiko marina aminareo fa hanaovany ny akanjo fitondrany amin'ny fanasana, ka hanasa ny mpanompo sahala amin'izany hipetraka hiara-hisakafo Aminy Izy, ary Izy mihitsy no hitsangana avy eo amin'ny fitoerany handroso hanina ho azy ireo eo an-databatra tahaka ny ho an'ny vahiny manan-kaja.! [10]

Koa mitandrema ary miambena hianareo; fa tsy fantatrareo na ny andro na ny ora izay hiverenan'ny Zanak'Olona. Ary aoka hianareo hiaina ny fiainanareo amin'ny fiomanana tsara, ny jironareo amin'izany mirehitra mazava tsara: tahaka ireo mpanompo izay miandry eo am-baravarana, mihaino ny fandondonan'ny Tompony, ary ho hita fa vonona sy liana mialoha ny amin'izany rehefa miverina Izy. [11]

Fa ho moramora kokoa ny hahafoana ny tany sy ny lanitra noho ny tsy hahatanterahan'ny ampahany iray monja amin'ireo teny ireo. [12]

NY ANDRO FARANY
NIAINAN'I KRISTY TETY AN- TANY

PAGE 109

NY NAMADIHANA AZY

Dia ho tanteraka avokoa ny zavatra rehetra izay voasoratry ny mpaminany momban'ny Mesia. Fa hatolotra ho amin' ny jentilisa Izy, dia hataony fihomehezany sy hisetrasetrany sy hororany, ary hokapohiny sy hovonoiny, ary amin'ny andro fahatelo dia hatsangana Izy.[1]

Tsy ho ela intsony dia tsy maintsy handao an'ity tany ity Aho. Fa amin' izao fotoana izao mbola tsy afaka manaraka Ahy any amin'ny toerana halehako hianareo. Handeha isika hiaraka hihinana Paska farany, alohan'ny ahatongavan'ny fotoana hijaliako; fa lazaiko aminareo marina tokoa : fa tsy hankalaza ny Paska intsony Aho raha tsy tanteraka ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra daholo ny hevitr'izany rehetra izany; ary tsy hisotro ny ranom-boaloboka intsony Aho mandram-pahatongan' ny fanjakan'Andriamanitra .

Ity mofo ity no solon'ny tenako izay omena anareo. Hano ity ho fahatsiarovana Ahy. Ity divay ity no misolo-tena ny fanekena vaovaon'Andriamanitra ny amin'ny famonjena, voatomboka amin'ny ràko, izay nalatsako ho solonareo. [2]

Tsy maintsy manome ny aiko Aho araka izay efa nolazain'ny mpaminany. Fa tahaka ny inona ny loza hanjo ilay namadika ny Zanak'Olona. Fa tsara ho azy kokoa raha tsy teraka izy.Tsy ho anareo rehetra no ilazako izany, satria fatantro tsara ireo izay nofidiko; kanefa efa voasoratra hoe : « izay iray mizara mofo Amiko ihany no hamadika Ahy . » Lazaiko aminareo izany izao alohan'ny hahatongavan'ilay izy mba hinoanareo Ahy any aoriana.[3]

Mirehareha ve hianareo fa manaiky ny hahafoy ny ainareo noho ny Amiko? Mampalahelo nefa fa handao Ahy daholo hianareo amin'ny alina izay hamadihana Ahy , araka izay voasoratry ny mpaminany hoe: « hasiako mafy ny mpiandry ondry, dia hiparitaka ny ondry . »[4]

Ray ô, henoy ny vavaka ataoko! Raha azo atao, esory amiko ity fampijaliana ity! Kanefa aoka anie tsy ny sitrapoko no atao fa ny Anao.[5]

Indro , tonga ny ora hanolorana ny Zanak'Olona eo an-tanan'ny mpanota.Tandremo fa izay velona amin'ny sabatra dia ho matin'ny sabatra.[6]

Nefa ahoana no amadihanareo ny Zanak'Olona amin'ny fanorohana, sady misambotra Ahy tahaka ny mpangalatra, mitondrana sabatra sy kibay ? Isan'andro izao niaraka taminareo teo am-piangonana Aho, ary tsy nikasin-tànana Ahy mihitsy ianareo. Fa izao no oranareo ary miasa ny herin'ny maizina.[7]

Tsy tonga saina ve hianareo fa afaka mivavaka amin'ny Raiko Aho, ary afaka mandefa anjely legiona roa ambin'ny folo hiaro Ahy Izy ? Fa ahoana izany no ahatanterahan'ny Soratra Masina izay milaza mialoha fa tsy maintsy sahala amin'izay no fisehon'ny zavatra rehetra? Hankalazaina izao ny Zanak'Olona; ary homem-boninahitra miaraka Aminy Andriamanitra.[8]

PAGE 111

NY FITSARANA SY NY HAZO FIJALIANA

Hianao tsy manana fahefana Amiko akory raha tsy nomena anao avy any ambony. [1]

Fa maninona Aho no tsarainareo amin'ny fametrahanareo ireo fanontaniana ireo? Tokony hanontany izay rehetra mihaino Ahy hianareo. Mahafantatra tsara ny zavatra nolazaiko izy ireo. Tsy nozaraiko tao amin'ny miafina ny hafatra nataoko, fa nolazaiko mazava ho ren'izao tontolo izao. Hitan'ny olona rehetra Aho nampianatra teny amin'ny toerana fanaovana fotoam-pivavahana, sy tao an-tokotanin'ny tempoly, izay niangonan'ireo olona mpanaraka Ahy.

Raha toa nanohitra ny lalànareo ny teny izay nataoko, dia manomeza porofo ny amin' izany. Nefa raha mba ny marina no nolazaiko, nahoana no dia mamely Ahy hianareo? [2]

Tsy eto amin'ity izao tontolo izao ity ny fanjakako. Raha toa eto amin'ity izao tontolo izao ity ny fanjakako dia ho nandray fiadiana ireo olona mpanaraka Ahy hiaro azy, ka tsy atolotra eo ampelan-tànanareo Aho. Nefa tsy fanjakana ety an-tany ny fanjakako.

Kanefa marina tokoa hianareo tamin'ny nanamelohanareo Ahy amin'ny maha Mpanjaka Ahy. Fa izany no antony nahaterahako ary izany no antony nahatongavako eto amin'izao tontolo izao: mba ho vavolombelona hanambara ny marina Aho. Izay rehetra tia ny marina no mahafantatra ny hafatra ataoko. [3]

Ary ankehitriny no azera ny andrian'izao tontolo izao, ary raha asandratra hiala amin'ny tany Aho, dia hitaona ny olona rehetra hanatona Ahy. [4]

Ary izany indrindra no itiavan'ny Raiko Ahy, satria manolotra ny aiko Aho mba hahafahako maka azy indray. Tsy misy olona afaka maka azy Amiko; fa manolotra azy amin'ny sitrapoko Aho. Manana fahefana ny hanolotra azy Aho, ary manana fahefana ny haka azy indray. Ny Ray no nanome Ahy izany hery sy zo izany. [5]

[6] Ray ô! Mamela ny helony fa tsy fantany izay ataony.
Ely, Ely, lamà sabaktany!*

- Andriamanitra ô, Andriamanitra ô, nahoana no dia mahafoy ahy Hianao?

PAGE 113 MANARAKA NY FITSANGANANY AMIN'NY MATY

Ry adala sy votsa saina ka tsy mino izay rehetra nolazain'ny mpaminany. Moa tsy tokony ho niaritra izany va i Kristy ka hiditra any amin'ny voninahiny? Aza mba ho isan'izay tsy manam-pinoana, fa mba minoa. [1]

Ary izany no nolazaiko taminareo, raha mbola teo aminareo Aho, mba ho tanteraka ny zavatra rehetra momba Ahy izay nosoratan'ny lalàn'i Mosesy sy ny mpaminany ary ny mpanao Salamo: Fa tsy maintsy hiaritra fijaliana i Kristy, ary hitsangana amin'ny maty amin'ny andro fahatelo; mba ho torina

amin’ny anarany, manomboka eto Jerosalema sy eran’ny firenena rehetra ny fibebahana sy ny famelan-keloka noho ny fahotana. [2]

Fantatro izay niaviako, ary fantatro izay halehako. Tsy afaka milaza hianareo hoe avy aiza no niaviako, na izay halehako. Avy eto amin’ny tany hianareo. Fa Izaho avy any ambony. Avy eto amin’izao tontolo izao hianareo. Izaho tsy mba naman’izao tontolo izao. [3]

Tsy misy olona afaka miakatra any an-danitra afa-tsy izay nidina avy any an-danitra, ny Zanak’Andriamanitra izay any an-danitra. Mandehana, ka lazao ny rahalahiko fa mialoha anareo mankany amin’ny Raiko sy ny Rainareo Aho; ary amin’Andriamanitro sy Andriamanitrareo. [4]

Fa maninona no malahelo hianareo, ary mamela ny sainareo ho feno fanahiana? Fiadanana. Jereo ny tanako sy ny tongotro. Kasiho Aho, ary ambarao ny fitsanganako amin’ny maty, fa ny matoatoa tsy mba manana nofo sy taolana tahaka Ahy araka izao hitanareo izao. Mino hianareo satria nahita Ahy. Sambatra kokoa izay tsy nahita Ahy nefa mino. [5]

Afaka fotoana vitsivitsy, tsy hahita Ahy intsony izao tontolo izao, fa ny fanatrehako ho eo aminareo , hiaraka aminareo; ary satria velona Aho, dia ho velona koa hianareo. [6]

PAGE 115

MANDRAKARIVA

Tahaka ny nanirahan’ny Ray Ahy no anirahako anareo. [1]

Koa amin’izany mandehana, ary mampianara ny firenena rehetra, manao batisa azy amin’ny anaran’ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina. Mandehana amin’izao tontolo izao, ary ambarao amin’ny olona rehetra ity vaovao mahafaly ity. Izay mino sy atao batisa no hahazo famonjena; fa ho very ireo izay tsy mino. [2]

Raiso ny teny fampanantenan’ny Ray izay norenesinareo Tamiko, Fa nanao batisa ny mpanaradia azy tamin’ny rano i Jaona mpanao batisa, fa hianareo kosa hatao batisa amin’ny Fanahy Masina. [3]

Handray hery vaovao hianareo rehefa tonga aty aminareo ny Fanahy Masina; ary ho vavolombeloko hianareo, manomboka eto Jerosalema, sy Jodia ary Samaria, hatrany am-paran’izao tontolo izao. Raiso ny Fanahy Masina. [4]

Ampianaro ny olona izay rehetra nampianarako anareo; ary tsarovy fa ...momba anareo mandrakariva hatrany am-paran’izao tontolo izao Aho. [5]

PAGE

FIZAHAN-TAKELAKA NY AMIN’NY TENIN’ANDRIAMANITRA VAKIANA

Fizarana voalohany

FA ATAONAREO HO IZA MOA AHO?

Ny Olana Amin’ny Fivavahana

1. Matio 16:6, 2. Marka 8:18-21, 3. Marka 7:7-9, 4. Matio 7:15; Jaona 8:44, 5. Matio 23:13-28; Jaona 5:44, 6. Matio 23: 29-34, 7. Matio 15:7,8; Isaia 29:13, 8. Lioka 16:15, 9. Matio 8:11,12; 5:20.

Ilay Fahazavana Izay Nanazava Izao Tontolo Izao.
1. Jaona 12:46; 8:12, 2. Jaona 3:19-21, 3. Jaona 5:33,35,36; 10:37,38; 9:4, 4. Matio 6:22,23, 5. Jaona 11:9,10; 12:35; Matio 15:14; Jaona 12:36, 6. Lioka 8:16; Matio 5:14,16; Lioka 8:17; Matio 10:27.

Ny Fanambarana
1. Jaona 12:23, 2. Jaona 8:50, 3. Jaona 8:17,18; 5:32,24, 4. Jaona 7:18, 5. Jaona 7:28; 6:38; 18:37, 6. Jaona 10:30; 10:10,9, 7. Jaona 10:28; 14:27; 8:32,36; 15:11, 8. Jaona 6:40; 9:35,37

Ny Teny Velona
1. Jaona 12:49,50, 2. Jaona 14:24; 5:24, 3. Jaona 5:25, 4. Jaona 5:39,40, 5. Jaona 5:37,38, 6. Jaona 10:36, 7. Jaona 14:6; 6:63, 8. Jaona 12:47,48, 9. Matio 24:35

Ny Ray
1. Matio 22:42, 2. Matio 11:27; Jaona 7:29, 3. Jaona 8:29; 14:9,10, 4. Jaona 10:30; 16:15,28, 5. Jaona 5:19-21, 6. Jaona 5:19,26,27,30, 7. Jaona 8:25,26, 8. Jaona 8:28.

Ny Mpiandry Tsara
1. Lioka 12:32, 2. Jaona 10:14,15,27-29,16, 3. Jaona 10:2-5, 4. Jaona 10:11,12, 5. Jaona 10:7,1,8,9, 6. Jaona 10:10

Sakafo Ho An'ny Fanahy
1. Matio 4:4; Deotornomia 8:3, 2. Jaona 6:35,48-51, 3. Jaona 6:27, 4. Jaona 6:49,32,33, 5. Jaona 4:10,13,14, 6. Jaona 7:37,38

Fizarana faharoa

NY FANJAKANA VAOVAO

Ny Fanjakan'ny Lanitra
1. Matio 11:12, 2. Matio 13:24-30,37-43, 3. Matio 12:25-29, 4. Matio 21:42,43, 5. Marka 3:28,29; Matio 21:31,32, 6. Matio 7:21; Lioka 13:25-27; Matio 7:22,23, 7. Lioka 8:10, 8. Matio 25:14-30, 9. Matio 20:1-16; 22:14, 10. Matio 13:45,46, 11. Matio 13:44, 12. Marka 4:26-29, 13. Matio 13:31-33, 14. Matio 13:47-50, 15. Lioka 22:35; Matio 6:34,27, 16. Matio 6:26, 17. Matio 10:29,30, 18. Matio 6:28-33

Ny Didin'ny Mpanjaka
1. Marka 12:29,30; Deotornomia 6:4, 2. Marka 12:31; Levitikosy 19:18, 3. Marka 12:31; Jaona 15:12,13; Marka 12:31, 4. Matio 5:19; Jaona 15:11, 5. Matio 5:43-47, 6. Jaona 13:34,35; 14:23, 7. Jaona 16:27; 15:9,10, 8. Lioka 10:30-37

Fizarana fahatelo

IREO FAMPIANARANA LEHIBE

Ny Fampianarana Vaovao
1,2. Matio 7:24-27, 3. Lioka 18:10-14,16,17, 4. Jaona 7:17,16, 5. Jaona 4:21-24; Lioka 19:40, 6. Matio 12:3-12; Jaona 7:23,24, 7. Jaona 9:39

Ny Fitahiana
1,2. Lioka 11:28; Matio 24:46, 3. Matio 5:3-12, 4. Jaona 20:29; Matio 13:16, 5. Matio 25:34

Ny Herin'ny Vavaka
1. Jaona 16:24, 2. Lioka 11:5-10, 3. Lioka 18:2-8, 4. Matio 6:7,8, 5. Matio 21:13; Isaia 56:7, 6. Matio 6:6; Marka 11:24; Jaona 15:16,7

Ny Harena Any an-Danitra
1. Lioka 6:31, 2. Lioka 16:19-31, 3. Lioka 6:34,30, 4. Marka 12:43,44, 5. Marka 10:24,25,27, 6. Matio 6:19-21, 7. Matio 6:1,2, 8. Matio 6:3,4, 9. Lioka 6:38, 10. Lioka 12:16-21; Matio 16:26

Finoana Mahafindra Tendrombohitra
1. Matio 9:29, 2. Matio 8:11,12, 3. Matio 18:19,20, 4. Marka 16:17,18, 5. Matio 17:20; Marka 11:24, 6. Matio 18:18, 7. Marka 5:36; 9:23

Faharetana Famindram-po ary Famelan-keloka
1. Lioka 7:47, 2. Lioka 7:41,42, 3. Matio 18:23-35, 4. Matio 18:22; 5:25, 5. Matio 5:38-42, 6. Marka 11:25; 5:23,24, 7. Matio 6:14

Ny Amin'ny Fiainana Mamoa Voa
1. Matio 7:16, 2. Matio 5:13; 7:17-20, 3. Lioka 13:6-9, 4. Jaona 15:8; Matio 12:35, 5. Matio 13:3-8, 18-23

Fahasalamana ary Fanasitranana Ho an'ny Vatana sy ny Fanahy
1,2. Matio 9:12,13; Hosea 6:6; Lioka 13:16, 3. Matio 9:5; 6:2; 8:13; Lioka 8:48, 4. Lioka 15:4-7, 5. Lioka 15:8-10

Fizarana fahaefatra

ILAY FIANTSOANA HO AMIN'NY FIAINAM-BAOVAO

Ilay Fiantsoana
1. Jaona 15:16, 2. Marka 10:18-22, 3. Matio 16:24,25, 4. Matio 22:2-14; Marka 1:15; Jaona 15:19, 5. Jaona 6:44,37, 6. Jaona 1:50, 7. Matio 7:13,14; Lioka 13:24

Ny Amin'ny Fahaterahana Fanindroany Indray
1. Jaona 3:7, 2. Jaona 3:3,5, 3. Jaona 3:6,8, 4. Matio 9:16,17, 5. Jaona 3:10,12, 6. Jaona 3:17,18, 7. Jaona 11:25,26,40, 8. Jaona 4:34; 6:29, 9. Lioka 15:11-32, 10. Matio 18:3,11,14, 11. Jaona 3:16; 11:26

Mpianatra sy Mpanompo
1. Matio 6:24, 2. Lioka 14:28-33, 3. Lioka 16:10-12, 4. Matio 10:16, 5. Marka 10:42-45; Jaona 13:17, 6. Jaona 8:31; Matio 23:2-12, 7. Matio 25:31-46, 8. Jaona 13:13-15

Ilay Fanirahana Lehibe
1. Lioka 9:60, 2. Lioka 10:2; 9:62, 3. Jaona 14:12; 12:26, 4. Matio 10:7,8, 5. Matio 12:30, 6. Lioka 10:5-7, 7. Jaona 13:20, 8. Matio 10:17-20; Jaona 15:20,21, 9. Jaona 22:25; Salamo 35:19, 10. Lioka 12:49-53; Matio 10:21, 11. Matio 10:23,14,15; Jaona 15:18, 12. Jaona 15:19, 13. Lioka 10:16; Matio 10:22, 14. Jaona 16:33

Ny Vavaka Nataon'i Kristy ho an'ny Mpianany
1,2. Jaona 17:1-26

Fizarana fahadimy

NY TENY FIKASANA

Ity Taranaka Ity
1. Marka 8:38, 2. Matio 12:39-42, 3. Matio 11:16-19, 4. Matio 12:34, 5. Matio 16:2,3, 6. Matio 11:28-30, 7. Matio 19:28

Fitoerana Ho Anareo
1. Jaona 14:2, 2. Jaona 14:1-3, 3. Jaona 16:19,20, 4. Jaona 16:21,22

Ny Teny Fikasana ny amin'ny Fanahy Masina
1. Jaona 6:63, 2. Jaona 14:15-17, 3. Jaona 14:18; 16:7-13, 4. Jaona 16:14,15, 5. Lioka 11:11-13, 6. Jaona 15:26; 14:26

Fanasana ho amin'ny Fiainana
1. Jaona 3:16, 2. Lioka 14:16-24, 3. Jaona 5:24,25,28,29, 4. Jaona 17:3; 3:16; Matio 24:14

Ny Andro Farany

1. Matio 24:34, 2. Matio 21:33-39, 3. Lioka 13:34,35, 4. Lioka 19:42; 21:26, 5. Matio 24:16-22, 6. Lioka 19:43,44, 7. Matio 24:2; Lioka 21:24, 8. Lioka 21:9-11,25; Matio 24:7,8,12, 9. Matio 24:9; Lioka 21:36, 10. Matio 24:32,33,36

Ilay Fiverenany
1. Matio 24:42, 2. Matio 24:4,5,11, 3. Matio 24:23-27, 4. Matio 24:30,31; 26:24; 16:27, 5. Matio 24:37-39, 6. Lioka 17:28-30, 7. Lioka 21:34,35, 8. Lioka 10:24; Matio 24:40-44, 9. Matio 25:1-12, 10. Lioka 12:37,38, 11. Matio 25:13; Lioka 12:36,37, 12. Lioka 16:17

Fizarana faha enina

NY ANDRO FARANY NIAINAN'I KRISTY TETY AN-TANY

Ny Namadihana Azy
1. Lioka 18:31-33, 2. Jaona 13:33; Lioka 22:15,16,18-20, 3. Matio 26:24; Jaona 13:18; Salamo 41:9; Jaona 13:19, 4. Jaona 13:38; Marka 14:27; Zakaria 13:7, 5. Marka 14:36, 6. Marka 14:41; Matio 26:52, 7. Lioka 22:48,52,53, 8. Matio 26:53; Jaona 13:31

Ny Fitsarana sy ny Hazo Fijaliana
1. Jaona 19:11, 2. Jaona 18:21,20,23, 3. Jaona 18:36,37, 4. Jaona 12:31,32, 5. Jaona 10:17,18, 6. Lioka 23:34,* Matio 27:46

Fanarahana ny Fitsanganany amin'ny Maty
1. Lioka 24:25,26; Jaona 20:27, 2. Lioka 24:44,46,47, 3. Jaona 8:14,23, 4. Jaona 3:13; 20:17, 5. Lioka 24:36-39; Jaona 20:29, 6. Jaona 14:19

Mandrakariva
1. Jaona 20:21, 2. Matio 28:20; Marka 16:15,16, 3. Asa 1:4,5, 4. Asa 1:8; Jaona 20:22, 5. Matio 28:20.

BACK COVER

"Raha mba niseho tety an-tany ny maha Andriamanitra an'Andriamanitra dia amin'ny alalan'ny tenan'i Kristy. Tsy ho takatry ny sain' ny olombelona mihitsy ny hahavo sy ny fomba fiainana ara-moraly izay mamirapiratra ao amin'ny Tenin'i Jesosy."

- Goethe

Roa arivo taona lasa izay, nisy lehilahy nanova mandrakizay ny fizotran'ny tantara. Nandritry ny 33 taona fohy niainany, nanjary ivon'ny ady hevitra mahagaga ara-politika sy ara-sosialy Izy. Notsaraina ary nomelohina tahaka ny olo-meloka tsy mendrika Izy, kanefa ireo mpanaraka Azy izay mitombo isa hatrany dia nanaiky hijaly koa ary ho faty ho an'ny finoany fa velona Izy ary tena Zanak'Andriamanitra marina araka ny nanambarany Azy. Amin'ny vanim-potoana misy antsika izao, mbola mitoetra mifanaraka amin'izany amin'ny fomba miavaka ny Teniny, amin'ny fiovam-penitra mahery vaika aza, feno fampaherezana sy fanamby mba hiova. ***"Tonga Aho,"*** hoy Izy, ***"mba hahitanareo fiainana, sy mba hananareo fiainana be dia be ."*** Ao amin'ity dikan-teny vaovao ity i Lee Cantelon dia manolotra topy maso vaovao ny amin'ny hafatra sy fampianaran'ny lehilahy izay niantso ny Tenany hoe Mesia, ilay Fahazavan'Izao Tontolo Izao.

“Raha mifandimby ny taon-jato, miavosa ny porofo fa raha refesina amin’ny fiatraikany amin’ny tantara, Jesosy no niaina fiainana mahataona indrindra amin’ity planeta ity. Toa mitombo hatrany Izay fitaomana izay.”

- Kenneth Scott Latourette
Profesora mahatoky amin’ny Tantara, Oniversiten’i Yale

“Misy Andriamanitra iray ary tetezana iray manelanelana ny olona sy Andriamanitra – ilay lehilahy Kristy Jesosy… izay maty mba hanafaka antsika.”

- Md. Paoly